

# Natao batisa tamin'ny afo miredareda

(*Pasitera Yong-Doo Kim)*



[www.DivineRevelations.info/MALAGASY](www.DivineRevelations.info/MALAGASY)




Nohafohezina: Ity dia santionany vitsy monja tamin'ilay boky. Maro ireo tranga, fihaonana, antsipirihan-javatra sy fahitana tsy nampidirina tamin'ity famintinana ity. Raha te-hamaky azy manontolo dia vidio ny boky ao amin'ny **Amazon.com**

**Nandritry ny 30 alina nanaovan'ny fiangonana kely tany Korée tsimandrimandrim-bavaka dia niaina fifohazam-panahy tsy mampino ny mpiangona. Nanandra-tànana ny fiangonana sady nivavaka nandritry ny alina manontolo ka nisokatra ny masom-panahiny rehefa niaina sy nahita fahitana, fanasitranana, ady ara-panahy mahery vaika, ary fihaonana tamin'i Jesosy izay nanova fiainana. Noho ny masom-panahin'izy ireo nisokatra dia tena hitany mivantana ny adin'ireo devoly nandritry ny nivavahany. Natoro azy ireo ny fomban'ireo devoly izay manelingelina, mampitahotra, ary mamitaka antsika mandritry ny fotoan-kivavahana. Ireo fomba fiadin-devoly rehetra soritsoritana amin'ity boky ity dia nampiasainy avokoa hitsaharan'io fiangonana io amin'ny fivavahany. Nihaona izy ireo ary niady tamin-karazan-dragona, mpanjakan-devoly, anjely sandoka, Kristy sandoka, devoly mody mampalahelo, vampires, fanahy ratsy miova endrika ho vehivavy tsara tarehy, sns... Izy ireo koa dia nentin'i Jesosy tany an-danitra sy tany amin'ny helo im-betsaka. Nampahafantarina tamin'izany fa ny tolona am-bavaka mandritry ny alina (miampy ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny tsy fantatra) no tena vavaka henjana sy sarotra nefa ahitana vokatra indrindra. Misy andiany dimy ireo boky, Ity dia ny laharana voalohany. (Ny kisary mandravaka dia nampiana taty aoriana fa tsy anisan'ilay boky)**

***Avy tamin'i Jesosy ho an'i Pasitera Kim:***

> ***"Manomboka izao, izay rehetra hita na ianinanao sy ny fiangonana entinao dia raiso an-tsoratra amin'ny antsipirihany. Ny fiangonana eto Korée sy manerana izao tontolo izao dia tiako hifoha avokoa noho io firaketana io. Izay no antony nandefasana anao tety an-tany... Ankehitriny, ny fiangonana velona rehetra aty Korée dia tsy tena manao izay nanirahako azy, Na ny mpitandrina na ny mpiangona samy manompo Ahy ara-pombafomba sady mahafantatra Ahy noho ny teoria voasoratra fotsiny."***

**Pasitera Kim:**

Mino ny fahafaha-miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny fiangonanay, noho izany afa-mivavaka mandritry ny fotoana ela amim-pahamatorana sady làlina kokoa izahay. Manampy anay hifantoka koa ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra, ary tonga miaraka amin'izay ny fahaizana tsy takatry ny saina izay manokatra ny masom-panahinay. Tsy moramora akory ny làlana andalovana hisokafan'ny masom-panahin'ny olona iray, sakana maro no tsy maintsy reseny. Noho izany, vidianao lafo raha varimbariana ianao na tsy ampy fitaovana. Izahay koa dia nitandrina ka nanoman-tena fatratra tamin'ny alalan'ny fiderana, nameno ny fonay tamin'ny tenin'i Jesosy, ary niezaka niditra làlina tamin'ny alalan'ny fiantsoana mafy ny Tompo.

Tonga ny irak'i satana iray. Rehefa tsy mahomby io dia misy roa manatona; avy eo izy ireo mandeha tsifolofolo, telopolo, dimampolo, zato, indraindray mihoatra an'izany. Miparitaka ireo vondrona ireo, avy eo mitambatambatra indray hanafika arakaraky ny fisehoan-javatra, dia toy izany hatrany. Ary rehefa misy vondrona iray voatosiky ny vavaka dia manatona olona hafa indray ny fanahy ratsy, mananihany izy amin’izany, na mandona, na maka fanahy. Indraindray koa mibitsibitsika manao teny mamy. Rehefa mibaribary ny momba azy nony farany dia mitsoaka haingana izy. Niseho taminay tamin’ny endrika samihafa ireo irak’i satana ireo. Indraindray izy ireo mamitaka anay amin’ny fakàna tahaka endrik’olo-malaza, zazakely tsy manantsiny, Jesosy, na koa miafina ho anjelin’ny fahazavàna **(II Korintiana 11:14).** Nisy fotoana izy ireo nanakorontana anay mihitsy raha naka endriky ny zanako vavy ka tsy nisy nahafantarana azy. Nandresy izahay, nefa koa im-betsaka no resy tamin’ny ady nifanaovana tamin’ny fanahy ratsy. Rehefa resy toy izany izahay dia mandre hirifiry mafy ny nofonay. Mila hahafaty ny hirifiry ka mianjerazera sy mivarimbarina eo amin’ny gorodona izahay. Rehefa mifanehitra amin’ny devoly mampatahotra tsy voafehy izahay dia irahin’ny Tompo ny arikanjely Mikaela sy ireo anjelin’ny Lanitra hanampy anay. Asehon’ny Tompo anay fa tsy irery izahay rehefa miantso ireo anjelin’ny Lanitra homba anay satria trotraky ny ady.

Nampahatsiahy anay i Jesosy fa tokony hameno hery amin’ny fivavahana isan’andro izahay (**Marka 9:29**). Ilaina ny mivavaka amin’ny fotoana mitovy. Nohazavain’i Jesosy ny mahazava-dehibe ny fiaraha-mivavaka amin’ny vavolombelona 2 na maromaro (**Matio 18:19**). Tsy miala mora foana ny fanahy ratsy. Mamela ratra izy ka mbola mitohy ny fanaintainana aterak’izany.

Ny filamatray tamin’ny 2005 dia ny hoe **"Fohazina amin’ny alalan’ny vavaka,"** ary nanomboka ny fiombonam-bavaka izahay tamin’ny faha-2n’ny volana Janoary. Naharitra 30 andro izany. Folo (10) izahay tamin’izay. Tamin’ny andro voalohany, rehefa vita ny fanompoam-pivavahana Alahady hariva dia nitohy nanao alim-bavaka izahay. Tamin’ny andro faharoa (3 Janoary) dia niaina fanatrehan’ny afon’ny Fanahy Masina izahay. Na ny vavaky ny tsirairay na ny iarahana dia samy nirehitra ka tsy voafehy ka nitohy hatramin’ny 7:30 maraina ny ampitson’io. Rehefa nifarana ny alim-bavaka dia nanao boribory izahay nifampijoro ho vavolombelona sy nifanatsafa izany tena mihaona amin’i Jesosy mivantana izany. Nihalava hatrany hatrany ny fotoana anaovanay alim-bavaka. Ny Alarobia hariva dia nanomboka tamin’ny 7ora sy sasany ka tsy nifarana raha tsy tamin’ny 8 maraina ny ampitson’iny. Ny Alakamisy kosa dia tamin’ny 9 alina ka hatramin’ny 10 maraina.

Novain'Andriamanitra tanteraka ny fihevitray. Arakaraky ny ivavahanay no nampiharan'ny Tompo fahagagana maro taminay. Na dia naharitra nandritry ny alina toy izany aza ny fotoana dia tsy nisy nitaraina. Vao maika izahay rehetra samy noana sakafom-panahy bebe kokoa. Namangy anay ny Tompo rehefa nivavaka izahay. Hitanay tamin'ny masom-panahinay Izy, fa nisy fotoana koa hitanay mivantana tamin'ny mason'ny nofo.

Rehefa nifanena tamin'i Jesosy ireo ankizy dia tonga afaka tamin'ny tsy fankatoavana ka tonga mpanompo mahatoky sy mankato. Ny 2 tamin'ny mpiangona rehefa avy nahita ny Lanitra sy ny helo dia nandohalika sady nigogogogo ranomasom-pibebahana noho ny nanaovany tsinontsinona ahy. Tamin'ny hatsiaka mamirifiry ambanin'ny 0° dia nivoaka nitory ny Filazantsara izy ireo sady nitsoka ny vohon-tànany mba hafanafana. Tamin'ny 4 tolakandro izy no nandeha ka tsy niverina raha tsy tamin'ny 8:30 alina, nangatsiaka toa gilasy ny tongony aman-tànany tamin'izany. Fantany fa tsy maintsy tokony hazoto izy ireo satria nahita ny harena be tehirizina any an-Danitra. I Meena, zazavavikely 5 taona dia nanandra-tànana sady nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra nandritry ny 2 na 3 ora! Ny fiangonanay dia nandray fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana, fanahy mamantatra, fiteny tsy fantatra, fahalalàna, fahendrena sy Finoana.

Tsy nisy namboamboarina izay voasoratra ato amin'ity boky ity fa izay tena nitranga marina tamin'ireo mpiangona nandritry ny fiombonam-bavaka no atolotra anao etoana.

Ireo mpiangona ao amin'ny "Lord's Church" (fiangonan'Andriamanitra): [Pastor Kim] [Kang, Hyun-ja] [Kim, Joseph] [Kim, Joo-Eun] [ranabavy na rahavavy Baek, Bong-Nyo] [Lee, Haak-Sung] [Lee, Yoo-Kyung] [Meena] [Oh, Jong-Suk] [Ny diakona vavy Shin, Sung-Kyung] [Oh, Jung-Min]

## ==== Andro 1 ====

## ==== Andro 2 ====

**Pasitera Kim**:

Noho ny fidirana antsehatra manokana nataon'ny Fanahy Masina dia nirehitra toy ny afo miredareda izahay rehefa nivavaka. Na tamin'ny 7 maraina aza no vita ny alim-bavaka dia toa tsapanay ho mbola tsy ampy ihany.

**Lee, Yoo-Kyung:**

Nangetaheta làlina aho ka niantso mafy tamin'ny heriko rehetra hoe: ***"Jesosy ô, Jesosy, tiako ianao. Aoka ianao ho hitako. Misehoa amiko."*** Nivavaka mafy tamim-pahazotoana tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Rehefa tokony ho adiny iray dia indro hazavana namirapiratra tampoka. Nisy olona nitsangana tao anatiny. Nanokatra ny masoko aho sady feno fahatairana, saingy tsy nahita na inona na inona. Nony nakipiko ny masoko dia hitako mazava tsara indray ilay izy, ary tsy nahiratro ny masoko noho izany. Ary nitsangana teo alohako i Jesosy manao fitafy mamirapiratra. "***Ry Yoo-Kyung, Tiako ianao***". Niteny izany Izy sady nanakaiky ahy no nipetraka teo alohako. Mino aho fa tsy mbola nahita olona tsara tarehy toa Azy. Mivolom-

bolamena ny volony ary tsara sady lehibe ny masony. Nokapokapohin'i Jesosy moramora ny voloko sady hoy Izy: "***Ry Yoo-Kyung, Tia anao aho***". Ary nanomboka nitomany aho sady torotoro ny foko. "***Tiako hatoro anao ny endriky ny Lanitra.***" Vetivety teo dia efa an-dàlana izahay, ary nisy hazavana namirapiratra tsy zaka jerena. Hoy aho anakam-po: ***"Ity izany no Lanitra aminy."*** Rehefa tonga izahay dia anjely tsy tambo isaina no nitsena anay, ary nitondra ahy nandehandeha i Jesosy, nampahalala ny momba ahy tamin'anjely maro. Nony elaela dia nanontany ahy ny Tompo hoe: "***Ry Yoo-Kyung, mahafaly anao ve ny mitsidika ny Lanitra?***" "***Eny ry Jesosy, faly tena faly.***" Hoy i Jesosy tamiko: "***Mazotoa mivavaka, Ankatoavy i Pasitera Kim, ary mazotoa manatrika fotoam-bavaka dia hoentiko mamangy ny Lanitra matetika ianao, Manana fahavitrihana.***"

Rehefa tapitra dia nitantara ny nihaonako tamin'i Jesosy sy nitsidihako ny Lanitra aho tamin'ireo naira-nivavaka tamiko.

**Baek, Bong-Nyo:**

Samy nandohalika nivavaka izahay. Teo akaikiko ny vadin'i Pasitera izay nandihy, feno ny Fanahy Masina. Mandeha ho azy toy ny rano mikoriana ny dihiny. Nandihy sy namiratra araka izay nampanaovin'ny Fanahy Masina azy izy.

Nanohy nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Tampoka teo, nisy hazavana namiratra toa volamena, ary tao no nitsanganan'i Jesosy izay nitafy lamba fotsy manjelatra. "***Ry Bong-Nyo. Tia anao Aho.***" Tsy misy teny ahafaha-milaza ny fifaliako nihaona tamin'ny Tompo. Nanontany Azy zavatra betsaka aho ary novaliany tsara.

**Lee, Haak-Sung:**

Nifantoka tamin'ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Tsy nampoiziko akory fa tonga feno fahefana ny fivavako sy ny feoko. Nirehitra toy ny afo ny vatako ka tsy maintsy nesoriko ny akanjoko ivelany. Nony ela, kotsan'ny hatsembohana ny akanjoko. Tsy mbola nahatsapa firedaredan'ny afon'ny Fanahy Masina nameno ahy toy izany aho hatrizay niainako. Nahafaly ahy indrindra ny nivavaka. Namoritra lohalika nivavaka aho na dia nalemy tsy nisy toy izany sy tsy nahahetsika aza ny tongotro.

**Ny vadin'i Pasitera Kang, Hyun-ja:**

Efa ela aho no tsy nivavaka tamin'ny fomba tena lalina ka efa maika ery. Nandritry ny vavaka, rehefa nisy tranga ara-panahy hafahafa dia omen'ny Tompo fahefan'ny afo i Pasitera sy ny mpiangona tsirairay. Ilay hosotry ny dihy ara-panahy nananan'i **Choo Thomas** **(fijoroana vavolombelona tamin'ny 1995)** dia niriako fatratra horaisina. Ary nony ela dia mba afaka nandihy voalohany dihy masina tsy am-pisalasalana aho. Nafeniko io fanomezam-pahasoavana io nandritry ny fotoana, saingy teto tsy afaka intsony nanohitra ny herin'ny Fanahy Masina aho. Voahosotra toa afo ny tànako ary mihetsika malalaka manaraka ny mozika.

## ==== Andro 3 ====

## ==== Andro 4 ====

**Lee, Yoo-Kyung:**

Nivavaka tamin'ny heriko rehetra aho no indro, tamin'ny alalan'ny angovo nirefitra tampoka dia nisy devoly lava volo nanao akanjo fotsy lava toy ny nipoitra avy tao anaty horonan-tsary. Nanatona ahy izy sady niteny tamim-peo mandreraka: "***Hahahahaha Hehehehehe.***" Nalemin'ny tahotra aho. "***Ry devoly ratsy fanahy voaozona. Mandidy anao amin'ny anaran'i Jesosy aho handositra ahy.***" Fa vao maika nanatona ilay devoly sady nikiakiaka hoe: "***Hehehehe, Nahoana aho no tokony handositra? Tsy hanakana anao tsy hivavaka fotsiny no nahatongavako fa koa hamafy aretina amin'ny vatanao***." Ary nametra-tànana tamin'ny lohako i Pasitera Kim sady nivavaka, nihoraka mafy hoe: "***Ry devoly maloto, mandidy anao amin'ny anaran'i Jesosy Kristy aho hiala.***" Ary lasa ilay devoly. Toy izao no nambaran'i Pasitera taminay: "***MILA MATOKY ISIKA REHEFA MIVAVAKA.***"

Nanohy nivavaka indray aho. Niantso hoe: "***Jesosy ô! Ampio aho, vonjeo.***" Niantso azy elaela aho ary nitranga tao anaty hazavana izy. Niteny tamiko Izy: "***Ry Yoo-Kyung, Aza matahotra. Hiaro anao Aho... Na inona karazan-devoly manafika anao, aza manahy na matahotra. Antsoy amin'ny herinao rehetra Aho dia ho avy handroaka ny devoly. Aza matahotra ianao fa aoka hatanjaka.***"

## ==== Andro 5 ====

**Fanamarihan'ny mpanoratra**: **Ny mariazin-dranabavy Baek, Bong-Nyo sy Jesosy dia tandindon'ny fifandraisany amin'ny mpanota novonjeny**. Izany no tiany haseho an-dranabavy Baek izay vao niova fo.

**Baek, Bong-Nyo**:

Taorian'ny fotoam-bavaka raha nanohy nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra tamim-pahamatorana aho dia indro i Jesosy niseho tamiko sady nanao hoe: "***Bong-Nyo, ndeha ho any an-Danitra.***" Nohazoniny ny tànako ka notantanany aho. Fotoana fohy dia tonga teo an-tongotry ny seza fiandrianana masin'ny Raintsika any an-danitra aho. Nohazavain'i Jesosy tamiko tam-pitiavana ny antony nitondrana ahy tany an-Danitra: "***Bong-Nyo, Te-hanao mariazy mahafinaritra aminao Aho androany, izay no anton-diantsika aty.***" Tsy ela taorian'izay dia nomanin'ireo anjely ny akanjo mariaziko sady nampanaovin-dravaka tsara maro aho. Tsy mbola nahita akanjo mivolom-bolamena toy ilay nomanina ho ahy aho. Dibo-kafaliana aho. Mponina sy anjely maro tao an-Danitra no niarahaba ny fanambadianay. Tsy ho hadinoko mandrakizay io tranga io. Tamin'izay indrindra dia toa nandroso sy niverina ny seza fiandriana-masin'ny Ray. Mihetsiketsika ny seza fiandrianany, satria faly aoka izany Izy, Loko 5 mamiratra be no mivoaka avy ao. Taorian'ny fety dia nifampitantana tamin'ny Tompo aho nandehandeha eran'ny lanitra. Tany amin'ny faratampon'ny hafaliana aho.

**Lee, Haak-Sung:**

Nanomboka nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra tamim-pahavononana tanteraka aho no nazava namirapiratra tampoka ilay hazofijaliana nihantona tao ambadiky ny sehatra. Ary indro varavarana boribory no hitako. Taoriana kelin'izay dia niseho i Jesosy. "***Ry Haak-Sung. Tiako ianao.***" Tsy voatanako intsony ny hafaliana nameno ny foko. "***Haak-Sung, Misy toerana tsy maintsy halehanao miaraka Amiko ka 'ndao.***"Vao noraisin'i Jesosy ny tànako dia nitsingevana teny amin'ny rivotra aho ka tonga maivana toa volon'akoho. Rehefa tonga tany amin'ilay toerana handehanana izahay dia injany fofona hafahafa masiso, maloto be ilay toerana. Zara raha afa-niaina aho noho ny fofon-dratsy nanodidina ahy. "***Ry Jesosy, ry Jesosy malalako ô! Aiza isika izany? Tsy hitako tsara ny eo alohako.***" Nikiakiaka aho nefa hoy i Jesosy tamiko: "***Haak-Sung, Aza matahotra. Ity no helo. Hiaro anao Aho ka aza manahy. Fa jereo tsara.***"

Mena midorehitra ny vavahadin'ny helo noho ny afo. Tsy mbola tafiditra ao akory ianao dia efa mamaivay tsy hay zakaina. Tsy maintsy niala ny afo sy ny hafanana be aho. Hoy aho nanontany: "***Fomba ahoana ry Jesosy no hidirantsika ao amin'io hantsan'afo io? Mihevitra aho fa tsy ho afaka hanao izany.***" Nandeha tamin'ny toerana maizinkitroka izahay, ary tsy nisy zavatra hitako. Vantany vao notendren'i Jesosy ny masoko dia nahita tsara aho. Ary nisy vaviantitra iray nipetraka tsy nihetsika nitafy akanjo nentim-paharazana koreana. Nanome toromarika i Jesosy: "***Haak-Sung, Jereo akaiky kokoa.***" Ary nohatoniko ilay vaviantitra. Bebeko avy amin-dreniko izy izay maty taona vitsivitsy talohan'io. Rehefa niala tao an-trano i Neny dia io Bebeko io no nitaiza ahy. Tia anay tokoa izy. Tsy nety ny saiko hoe any amin'ny helo ny Bebeko. Noho ny hagagana dia niantso azy mafy aho hoe: "***Bebe a! Izaho ihany ity, Haak-Sung. Inona no ataon'olon-kendry sy tsara fanahy aty? Mivoaha faingana tao!***" Tonga dia fantany aho, talanjona izy ka nanontany ahy hoe: "***Haak-Sung, inona no ataonao aty? Tamin'ny fomba ahoana no nahatongavanao?***" Hoy ny navaliko: "***I Jesosy no nitondra ahy taty. Bebe a! Mivoaha haingana.***" Nitomany i Bebe sady nihoraka hoe: "***Haak-Sung, Tehivoaka mafy aho, nefa ianao tsy afa-manao izay tianao aty. Tsy mahazo mijanona aty ianao. Mivoaha faingana.***" Niangavy andranomaso an'i Jesosy aho: "***Jesosy ô, mba ampio i Bebe hivoaka tao. Nampalahelo ny fiainany.***" Tampoka teo dia nisy bibilava ngezabe nipoitra avy teo amin'ny fanambanin'ny ranjon'i Bebe ka nihodinkodina tamin'ny vatany. Ary nikiakiaka mafy aho hoe: "***Ahh.***" Nihorakoraka tamin-tahotra i Bebe: "***Vonjeo aho azafady,***" saingy tsy nisy dikany izany. "***Ry Jesosy, ry Jesosy malalako. Izaho no tena nanao ratsy,***" hoy aho nitomany. "***Azafady midira antsehatra raha mety.***" Tsy niteny i Jesosy, fa nangoraka kosa ny fony raha nijery. Nigogogogo sy nitomany aho raha mbola niangavy saingy tsy nisy dikany. Na dia tao anatin'izany fahoriana mafy izany aza izy dia mbola nanontany ny fahasalaman'ny fianakaviana sy nanahy momba azy. "***Haak-Sung, manao ahoana izay ireo anabavinao? Ary ny mamanao?***" "***Salama tsara izy ireo,***" hoy aho. Raha mbola niteny aho dia vao may nogejain'ilay bibilava izy. Nikiakiaka tolokom-pahafatesana mafimafy hatrany i Bebe. Noraisin'i Jesosy ny tànako, notantanany aho sady nataony hoe: "***Haak-Sung, Tonga ny fotoan-kandehanana.***" Nilaozako ny kiak'i Bebe ary nivoaka ny helo aho. Ary hoy i Jesosy: "***Any amin'ny helo, raha ampitahaina amin'ny ety an-tany dia vao maika matanjaka ny***



***taovam-pandrenesanao rehetra... Haak-Sung, aza mitomany. Hitanao mazava tsara izy teo ka aoka hatoky amin'ny fanompoana ianao. Azonao ve?***"


Nony ela taty aoriana dia niantso ahy indray i Jesosy: "***Haak-Sung. Mahatsiravina ny helo e? Tiako hatoro anao ny Lanitra androany.***" Fotoana fohy dia tany an-Danitra izahay. Vondron'Anjely maro sy ireo efa tonga talohako tany no nivoaka hitsena ahy. Ary nifampitantana i Jesosy sy ireo anjely nanodidina hanao dihim-pifaliana. Mifanohitra tanteraka amin'ny tranga misy any amin'ny helo ny any an-Danitra. Tany an-Danitra, zava-baovao sy mahagaga ary tsy mampino avokoa no hitako. Nangataka tamin'ny Tompo aho raha mbola tany an-Danitra. "***Jesosy ô, i Joseph, ilay zanak'i Pasitera - feno kitro manaintaina ny tongony ka zara raha afa-mandeha izy. Mba sitrano izy azafady. Mijalin'ny aretin-damosina i Mama. Ampio izy tsy harary. Ampio i rahalahy Oh, Jong-Suk, izay mipetraka ao amin'ny Biraon'ny fiangonana, mba hahita asa haingana. Ary farany, ampio izahay mba hisy fifohazam-panahy ny fiangonanay***." Namaly ankafaliana i Jesosy hoe: "***Ekena.***" Ary nijery ahy Izy sady nanao hoe: "***Haak-Sung, ampy aloha ny androany. 'Ndao amin'izay.***" Rehefa noraisiny ny tànako dia nanidina teny amin'ny habakabaka izahay, ka niverina indray tao am-piangonana.

Ary niverina nivavaka tamim-pirehetana indray aho. Tsy nety afaka tato an-tsaiko ny Bebeko mijaly any amin'ny helo. Nipatrapatraka ny ranomasoko. Nalahelo mafy sy nangirifiry ny atifanahiko. Nikiakiaka sy nitomany aho sady nitsipatsipaka: "***Tompo ô, inona izao no hataoko? Noho izaho no nahafaty an'i Bebe. Nandratra mafy ny foko izany. Bebe!Bebe mahantrako.***" Nikiakiaka mandra-pahalanaka aho. Avy eo nanohy indray. Niantso ny Tompo aho. Tsy mpitomany firy aho nefa nipatrapatraka nandritry ny adin'ny 2, adin'ny 3, avy eo adin'ny 4 ny ranomasoko. Tapitra ny fotoam-pivavahana voalohany saingy tsy mbola nety tànako ny alaheloko. Ary nozaraiko tamin'ny hafa tao ny namangiako ny Lanitra sy ny helo. Ary natomboka tamin'ny 5 ora maraina indray ny fotoana faharoa, ka nifarana 5 ora taty aoriana. Rehefa nitory teny i Pasitera dia **niseho i Jesosy** ka tonga feno hery ny toritenin'i Pasitera. **Nidina avy tany an-Danitra ny anjely, nitandahatra teo anilan'ny sehatra, nisy ny nitondra kaopy nisy tongony. Samborin'izy ireo avokoa ny vavakay rehetra. Mihira izy hoe: "*Amen. Amen.*"**

Efa tapitra avokoa ny fotoana nefa tsy nety nitsahatry ny nitoloko noho ny Bebeko any amin'ny helo aho.

## ==== Andro 6 ====

**Baek, Bong-Nyo:**



4 ora izay no lasa hatramin'ny nanombohan'i Pasitera ny toriteniny. Tsy nisy variana taminay na indray mipi-maso aza. I Meena, ilay zazavavikely 5 taona koa aza mba nifantoka tsara tamin'ny toriteny. Raha mbola nibanjina an'i Pasitera aho dia indro i Jesosy niaraka tamin'anjely maromaro. Niandry ondry 9 i Jesosy. Fantatro ny isan'ireo ondry nentiny ary mitovy isa aminy koa ireo mpitondra vavaka! "***Ondriko avokoa ianareo***

***rehetra. Aty aminareo foana ny masoko. Noho izany aza manahy.***"

Nirehitra ny toritenin'i Pasitera Kim, niteny niaraka tamin'ny Afo Masina izy. Tafiditra làlina tamin'ny toritenin'i Pasitera i Jesosy ka nihora-kafaliana: "***Tsara be ry Pastora Kim. Tena mety.***" Niaraka nandehandeha tamin'i Pasitera Kim i Jesosy sady feno tsikin-kafaliana hatrany ny tarehiny. Rehefa miankavia i Pasitera dia mba miankavia koa i Jesosy. Rehefa miankavanana dia mba miankavanana toa azy koa Izy. Ary nisy **anjely 10** niseho. Ny iray nitsangana miaraka amin'ny boky nisokatra toa nandraisana an-tsoratra maika. Ireo anjely sasany kosa nanodidina an'i Pasitera nitondra kaopy hanangonana ireo toriteny. Rehefa feno ny kaopy iray dia misy anjely hafa indray mitondra kaopy, dia toy izany hatrany sady misy mitondra izay feno ho any an-Danitra. Niravoravo i Jesosy, ary niravoravo koa ireo anjely.

Tapitra ny toriteny, ary tonga amin'izay ny fotoana niaraha-nivavaka. Mbola teo am-pivavahana izahay ary samy nahatsapa ho niatrika ady izahay 9 mpikambana. Nanao hiakam-pibebahana mafy izahay, ary nipatrapatraka ny ranomaso sy ny hatsembohana.

Ary nanatona i Jesosy sady niantso ahy tamin'ny anarako. Nampitaha ireo fiangonana samihafa tamiko ny Tompo: "***Bong-Nyo, Maro ny fiangonana matory nefa mirehitra ny vokovokomenan'izy ireo isakin'ny alina, ny mpikambana ato amin'ny Lord church kosa mazoto mivavaka. Ampoky ny hafaliana aoka izany Aho izao.***" Ary nisy anjely nidina tsitelotelo: 1, 2, 3, 4, 5,… Nanisa elaela aho nefa tsy nety hitako ny faran'ny matson'izy ireo ka nijanona aho.Nidina hatrany izy ireo ka niangona teo alohan'ny alitara nivavahanay 9. Angoniny amin'ny kaopy volamena ny vavakay ka entiny any an-Danitra, dia miverina indray izy avy eo. Entin'ny anjely any an-Danitra ny vavakay. Ary rehefa nivavaka tamin'ny fony nandritry ny alina ny mpikambana rehetra tao amin'ny **Lord's church** dia nisaotra anay ireo anjely noho ny nanomezanay asa be dia be azy ireo.

Hoy i Jesosy: "***Noho ny fahazotoanareo miantso ny Tompo sy midera andro aman'alina, ny Ray any an-Danitra, Izaho ary ny Fanahy Masina dia mankasitraka tanteraka ny fahafoizan-tenanareo. Mahalana no ahitana fiangonana toa anareo izao eto an-tany.***" Nanontany anay ny Ray any an-Danitra hoe: "***Inona no tianareo homena anareo?***" Ary nanontany an'i Jesosy ny Ray hoe: "***Anaka, inona no tokony hataoko araka ny hevitrao?***" Hoy i Jesosy namaly: "***Ray ô! Ataovy izay sitraponao.***" Ary ny Fanahy Masina nanosotra anay Afo Masina, menaka sy fanomezam-pahasoavan-danitra hafa. Hoy ny Ray: "***Ho an'ny vadin'ny mpitandrina, i Kang, Hyun-Ja, Te-hanome azy hosotra manokan'ny afo miredareda aho sy fahafaha-manasitrana marary; Ary tiako indrindra izy raha manao ny dihim-panahy tsy am-pisalasalàna.***"

Rehefa nanomboka nanao ny dihy ara-panahy ny vadin'ny mpitandrina dia variana sady gaga ny rehetra nijery azy. Nanomboka nidorehitra mena ny tarehiny raha nandihy teo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina.

Ary Andriamanitra nanosika tampoka ahy tamin-toerana iray izay toa tany anaty rano, ary nihetsika ho azy toa manan-tsaina ny tongotro sy ny vatako. Taoriana kelin'izay dia reko ny Tompo nanao hoe: "***Hataoko batisa amin'ny afo miredareda ianao.***" Ary tsapako toa natsoboka tanaty menaka aho, tampoka teo dia toy ny vainafo ny vatako.



Taorian'izay dia nanomboka niresaka momba ny fiangonana tany Kore i Jesosy. Hoy Izy tamim-peo tezitra: "***Inona no ilàna trano fiangonana goavam-be misy hazo fijaliana mirehidrehitra nefa tsy mamokatra? Nofidiako hamonjy ny fiangonana ny mpitandrina, nefa izy tsy ampy vavaka. Maha-ory ny foko izany.***"

Avy teo nanao ny dihy masina sy niteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho rehefa nihazona ny tànako i Jesosy sady nanao tamiko hoe: "***Ry Bong-Nyo, 'Ndeha hiaraka amiko any an-Danitra.***" Vantany vao nihazona ny tànan'i Jesosy aho dia nitafy lamba fotsy ka nanomboka niara-nanidina taminy. Rehefa niakatra aho dia hitako nihakely hatrany ny tany. Kanto aoka izany ny tontolo. Nanidina elaela ihany izahay, ary tonga teo amin'ny làlan-dronono. Rehefa nihoatra ny làlan-dronono izahay dia tonga maizina indray, ary nahita làlana roa aho. Ilay ankavanana no nandehananay, ary nanontany aho: "***Mankaiza iny làlana ankavia iny ry Tompo?***" "***Mankany amin'ny helo***", hoy Izy. Toa lavalava ihany ilay làlana, no indro tampoka teo dia hazavàna be ka tsy voasokatro ny masoko.

Rakotra kintana ny any an-Danitra. Paradisa no iantsoan'ny ankamaroan'ny olona ety an-tany azy, Fa raha ilay hitako aloha tsy misy tenin'olombelona mahalaza azy. "***Tsy mampino! Tsy azo eritreretina izao!***" hoy aho. Tsy ho voavinanin'olona mihitsy ny mety ho endriky ny Lanitra. Anjely maro no niarahaba ahy tonga soa. Ary hoy Jesosy: "***Satria ianao nanapa-kevitra ny hanompo Ahy amin'ny fahazotoana miangona dia hatoroko anao ny tranonao aty an-Danitra. Andao.***" Indro nisy anjely maro nanorina zavatra. Hoy Jesosy tamiko: "***Ity ny tranonao.***" Nojereko ka tsy nisy trano teo fa vao fototra làlina fotsiny.Volamena no ampiasain'ireo anjely amin'izany. Hoy ihany Jesosy: "***Andro vitsy monja dia hiakatra ambony io tranonao io. Aza kivy, mazotoa mivavaka, miorena tsara. Nanompo devoly ianao taloha ary nampiverin-dàlana olona maro. Nefa nanapa-kevitra tanteraka ny hino Ahy ianao sady nazoto namonjy fiangonana.***" Hoy i Jesosy: "***Ndao fa misy toerana hatoroko anao,***" ary nentiny tamin'ny toeran-kafa aho. "***Ry Bong-Nyo malalako, Hasehoko anao izao ny trano fonenana sy fitehirizan-karen'ny olona nitory taminao. Ny mpitandrina ny fiangonanareo Kim, Yong-Doo sy ny vadiny Kang, Hyun-Ja. Jereo tsara. Ny trano misy rihana 1000 ety an-tany dia mitovy amin'ny rihana 1 any an-Danitra, voafetra ny voambolan'olombelona ety an-tany ka tsy ahafaha-mamaritra ny zava-misy rehetra any.***"

Indro trano avo be mankadiry no teo alohako. Namiratra loatra ny hazavana avy tao anatiny ka tsy afa-nitraka aho. "***Ity ny tranon'i Pastora Kim Yong-Doo.***" Nanandratra ny tànany i Jesosy ka nanomboka hitako mazava tsara ny trano vaovao tsara tarehy an'i Pasitora. Ary hoy ny Tompo avy teo: "***'Ndeha indray hojerentsika ny trano fitehirizan-karenany.***" Eo ho eo amin'ny fiantsonan-jotra fitaterana 3 na 4 eo ho eo raha oharina ny halaviran'ny tranony amin'ny trano fitehirizan-karenany. Anjely anjatonjatony no miambina ny trano fitehirizan-karenan'i Pasitera ka tsy afa-niditra izahay. Rehefa nitranga anefa i Jesosy dia nampidina ny elany izy ireo sady niondrika teo anoloany. Mila fahazoan-dàlana amin'i Jesosy ny trano fitehirizan-karena rehetra any an-Danitra vao azo idirana. Mampitolagaga ny loko isan-karazany ao amin'ilay trano. "***Wow, Ho faly be mihitsy i Pastora Kim***," hoy aho. Ao amin'io trano io misy anjely maro miasa mafy manangona ny haren'i Pasitera avy ety an-tany. Miampy hatrany ny harenany. Ary nanontany an'i Jesosy aho hoe: "***Nahoana no ngezabe ny tranon'i Pasitera Kim, ary nahoana koa izy no manankarena be?***" Ary namaly ahy ny Tompo hoe: "***Mbola tena***

***tanora i Pasitera Kim, Yong-Doo no efa niditra tamin'ny làlan'ny finoana, ary nivavaka sy nanompo Ahy tamim-pahazotoana foana izy.*** " Hoy i Jesosy: "***Izay aloha no azontsika atao androany, rehefa tonga aty amin'ny manaraka ianao atoroko zavatra hafa.*** " Ary nentiny niverina tao am-piangonana aho. Mialohan'ny nandaozany ahy dia nilaza zavatra iray farany izy: "***Rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Aho dia noheverin'ny maro tsy hitsangan-ko velona intsony. Maro ny olona no tsy nino Ahy intsony, tsy nanatrika fotoam-bavaka intsony, ary izao aza dia manao ny fanaon'izao tontolo izao.*** "

## ==== Andro faha-7 ====

**Kim, Joo-Eun:**

Nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra nandritry ny adin'ny iray teo aho no indro nisy hazavana namiratra be. Ary nipoitra teo anoloako i Jesosy nitafy lamba fotsy. Mivolon-tsôkôlà ny volony, Izy mitafy lamba fotsy mamiratra toy ny "**toga**" (karazan-damba lafo vidy).Niantso ny anarako Izy. "***Joo-Eun, ry Joo-Eun malalako, Tiako ianao.*** " Sady nanatona ahy Izy no niteny izany. Talanjona aho ka nanao hoe: "***Tena i Jesosy ve ianao? Wow, Jesosy a! Tena tia anao aho. Tsara indrindra ianao.*** " Dibo-kafaliana aho, tsy hitako izay natao. Nipetraka teo anoloako Izy sady nanambara fa tia ahy. Niteny tamin-karavoana aho hoe: "***Jesosy a! Tena tiako ianao.*** " Ary hoy Izy namaly: "***Eny, izaho koa tena tia fatratra anao.*** " Toy izao no nambaran'i Jesosy ahy: "***Mazotoa mivavaka fa hanambara ny tenako aminao Aho. Hentiko mitsangantsangana any an-Danitra ianao. Koa mazotoa mivavaka.*** " Ary dia nanjavona Izy.

Rehefa tsy nahita an'i Jesosy intsony aho dia nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra tamin'ny heriko rehetra. Tampoka teo dia nisy zava-manan'aina manana endrika hafahafa nanatona ahy. Nisy triatra avokoa ny sisi-masony 2, misy zavatra miendrika X eo amin'ny masony havanana. Rakotra holatra io devoly io. Niantso mafy aho hoe: "***Amin'ny anaran'i Jesosy, mialà amiko.*** " Ary nanjavona ilay devoly. Notohizako ihany ny vavaka no indro indray zavatra kely maso noho ny saka. Manana elatra toy ny an'ny fanihy sy nify miranirany izy. Nihazakazaka nanatona ahy izy hampatahotra saingy noreseko tamin'ny anaran'i Jesosy.



Avy teo dia nisy devoly iray toa efa fahitako saingy tsy tsaroako hoe taiza. Hay tao anatin'ilay lalaon-tsolosaina **Starcraft**. Nanatona ahy io devoly vavy io. Nanao fijery mampatahotra. Ity devolivavy ity dia tsy niala mora foana toy ireo hafa nitsoaka raha vao nandre ny anaran'i Jesosy. Na dia niantso miverimberina aza aho, tsy nihontsona izy, ary niha-natahotra aho. Nihazakazaka nankeo anilan'i Pasitera Kim teny amin'ny pilipitra aho sady nanohy nivavaka ihany. Noraisin'i Pasitera ny tànako sady nasandrany, ary niara-nivavaka izahay, izay ilay devoly vao niala.

## ==== Andro faha-8 ====

**Pasitera Kim, Yong-Doo:**

Herinandro izay no nanombohanay ny fiombonam-bavaka mafonja. Nihahenjana ny ady ara-panahy natrehinay, nitohy isan'andro koa ny sedra ara-batana. Nisokatra tsirairay ny masom-panahin'ireo mpiantafika ary samy feno ny Fanahy avokoa ny rehetra. Nanao fanafihana mahery vaika ireo devoly. Maro ny trangan-javatra ratsy manokana natrehin'ny tsirairay, hitsapàna ny hakizitinanay. Tamin'ny andro voalohany dia potika ny iray tamin'ny kodiaran'ny fiarako. Tamin'ny andro manaraka indray dia nisy triatra be ny kodiarana aloha. Sorena aho tamin'io. Na izany aza, tsy nimonomonona tamin'Andriamanitra aho fa vao maika niantso mafy hoe: "***Haleloià***" tamim-po feno fisaorana. Ny ampitson'iny, notaritina ny fiarako ka naiditra "**fourrière**".Saika tsy tànako ny fahatezerako, saingy nampahatsiahy ahy ny vadiko sy ireo ondry notandremako: "***Ry Pasitera, tsy maintsy mahery ianao.***" Afaka kelikely dia nisy namaky ny jiro famantarana ny fijanonan'ny fiarako, tamin'ny andro manaraka dia nisy nanimba tamin-java-maranitra ny sisiny.

Nivoatra ho eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina ny fotoam-bavaka. Hatramin'io ny lohantenim-baovaom-piangonana dia **Oran'ny toetr'andro feno ny Fanahy Masina**, ary novàna ho **Fotoam-bavaka eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina Tanteraka** .Tsy natao avokoa ireo fombafomba toy ny rakitra sy toriteny nahazatra, niankina tanteraka tamin'ny fitarihan-dàlan'ny Fanahy Masina izahay, na vavaka, na toriteny, na fanambarana natao. Afa-nitatra tsy araka ny niheverana azy ny toriteny satria tsy nisy nahamaika hamarana azy tao anatin'ny fotoana voafetra.

Samy nahita ny fanatrehan'i Jesosy avokoa ny mpitolona am-bavaka rehetra tamin'izany ora izany na nandritry ny alim-bavaka manontolo, ka tsy nety reraka na nitohy mandra-paharainan'ny andro aza ny fotoana. Vonona foana izahay sady tsy nahazo variana fa nanafika tsy nitsahatra ny devoly.

**Kim, Joo-Eun:**

Nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho no indro nanatona ahy i Jesosy sady nanao hoe: "***Joo-Eun, Tia anao aho.***" Hoy koa Izy: "***Joo-Eun, Mazotoa hatrany mivavaka dia hotantanako any an-Danitra ianao. Mivavaha tsy mitsahatra. Hatoroko anao ny Lanitra. Azonao?***"



Fotoana vitsy monja taorian'izay, tamin'io alina io ihany dia nanao andiany ireo devoly. Nisy iray nikopakelatra toy ny fanihy, nisy tandroka kely roa ny lohany, ary toy ny an'ny saka ny masony. Nanidina nankaty amiko io devoly io sady nitanatana be ny vavany sady nisy farora-bava marihitra be. Mena toy ny ra ny masony. Ary niantso mafy aho hoe: "***Amin'ny anaran'i Jesosy, mandidy anao aho ry devoly ratsy sady maloto: mialà amiko***." Ary nanjavona niaraka tamin'izay izy. Taoriana kelin'izay dia indro devoly manga tarehy sady kely maso nanatona ahy. Nangorohoro aho ka nihoditr'akoho ny vatako iray manontolo. Ary

nihoraka mafy aho hoe: "***Amin'ny anaran'i Jesosy, mialà amiko.***" Fa tsy nihontsona ilay devoly. Vao maika aho nobanjininy tsara. Nangoro-vitsika aho no sady niantso mafy hatrany, ka indro rahavavy Baek, Bong-Nyo izay teo anilako dia nanampy ahy hoe: "***Amin'ny anaran'i Jesosy, mialà aminay!***" Izay vao niala ilay izy.

Niverina nivavaka indray aho no indro nanatona ahy dragona mena goavam-be. Maitso ny masony. Tandroka lava maranitra no eny amin'ny lohany. Nisy setroka ny vavorony. Nanatona toa hitelim-belona ahy izy. Tsy nihetsika aho. Nitsangana teo amin'ny fitoerako ihany aho ary nanohy nivavaka tamim-pahavitrihana tamin'ny anaran'i Jesosy, tampoka teo dia lasa izy. Nahatsapa hasambarana tsy nisy toy izany aho. Tamin'io vao tena tsapako ny hery sy ny tanjaky ny anaran'i Jesosy. Avy teo nisy devoly mahatsiravina, masiaka fatratra, mitarehy karana, nitotohinjaka teo anoloako toy ny naneso ahy. Ary mbola nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra tamin'ny anaran'i Jesosy aho nandroaka io devoly io.

Nony kelikely, nieritreritra an'i Jesosy nifantsika teo amin'ny hazo fijaliana aho no indro nitranga Izy ka nampahery ahy hoe: "***Joo-Eun, Tohizo hatrany, tohizo hatrany izany.***"

# ==== Andro faha-9 ====

**Lee, Haak-Sung:**

Nanomboka nanafika niaraka ireo devoly. Niseho teo alohako ilay dragona mena nolazain'i Joo-Eun tamiko. Natahorako ny hagoavambeny. Maitso maso izy, ary misy setroka mivoaka avy eo amin'ny vavorony. Maranitra toy ny tandroka ny nifiny. Mivoaka aty ivelany ny vombony sady lava mahatahotra ny rambony. Na izany aza, nivavaka tamim-pahatokisana aho ka lasa izy. Taoriana kelin'io dia indro devolivavy iray nihorakoraka: "***Hee-hee-hee!***" Rakotra nify toy ny an'i amboadia ny vavany. Ankoatr'izay dia nanomboka nandre feon-kiraro fitondra miady maromaro nikatrokatroka mafy tao aoriako aho. Ary nisy aizim-be nanodidina ahy. Nampatahotra ahy ny tabataban'ireo devoly sy ny fidobodoboky ny kirarony ka nanomboka niantso mafy aho: "***Tompo ô! Vonjeo aho. Vonjeo azafady!***" Niantso mafy ny Tompo aho no indro Izy tao anaty fahazavana mamirapiratra. Vao tonga Izy dia nanjavona avokoa ireo devoly. Nihazona ny tànako i Jesosy ka nihira sy nandihy niaraka taminy aho.

Nony kelikely dia hoy i Jesosy tamiko: "***Ry Haak-Sung malalako, Te-hitsidika ny Lanitra va ianao?***" Vantany vao nohazoniny aho dia nitafy lamba fotsy. Nitsingevana teny amin'ny rahona aho ka nanidina nankany amin'ireo anjelin'ny Lanitra efa niandry anay. Tsy nahatraka aho noho ny fanjelatry ny hazavana. Toerana feno zava-mahasondriana, izay no hany azo amaritana ny Lanitra. Noheveriko ho nanonofy aho, kanjo hay, tena izy mihoatra ny ety ny any. Rakotra volamena avokoa ny tontolo rehetra. Tsy misy toerana tsy iavian-kazavàna. Maro ny olo-masina sy ny anjely nifindrafindra maika, niarahaba ahy tamim-pifaliana koa ireo anjely. Ary hoy aho: "***Jesosy ô! Tiako ho fantatra raha misy tranoko aty.***" Ary naniraka anjely roa niaraka tamiko tany amin'ny misy ny tranoko Izy. Tsy ngeza ny tranoko saingy vita amin'ny biriky volamena ny rindriny. Nahita zaridaina feno voninkazo koa aho tao. Maika hiditra sy hivezika tao anatiny aho. Raha nandre ny fofo-manitra avy ao aho dia nitsambikimbikina toy ny zazakely.

**Lee, Yoo-Kyung:**

Teo am-pivavahana tamin'ny fiteny tsy fantatra aho no indro devoly nanatona. Misy zaitra miendrika X ny masony ankavanana, ny ankavia kosa miendrika "**raton laveur**" (**biby toy ny kary miloko volondavenona**). Devoly lahy no fijeriko azy, ary niantso mafy aho hoe: "***Amin'ny anaran'i Jesosy, mialà amiko***"

Nony kelikely dia nisy devoly manana elatra fanihy izay nanatona ahy. "***Fa inona no nataoko anao no dia mampahory ahy toy izao foana ianao?***" Hoy izy nanao mampalahelo: "***Hitanao, tsy hiverina intsony aho raha avelanao hiditra ao anatinao indray mandeha monja dia hivoaka avy eo.***" Hoy aho namaly: "***Ianao io ry devoly ratsy fanahy, mialà teo imasoko!***" Ary nanjavona niaraka tamin'izay izy. Taorian'izay dia niady ka nandresy devoly 3 na 4 indray aho. Tampoka teo dia nandre hanitra kanto sy mamerovero aho. Tonga i Jesosy ary niantso ny anarako. "***Ry Yoo-Kyung malalako, Ento aty ny tànanao.***" Ary natsotrako ka nofihininy tamin'ilay azy sady tsara no mafana. Hoy aho: "***Jesosy a! Maratra mafy ny soroko***". Napetrany teo amin'ny soroko ny tànany ary afaka niaraka tamin'izay ny hirifiriny.

Ny mpiara-mitolona am-bavaka taminay dia samy nomen'i Jesosy anaram-bositra tsirairay avy. Nahafinaritra anay indrindra izany. **Ratasy** no niantsoany ahy noho ny tarehiko feno teboteboka. **Panda** na "**Sésame**" kosa ny an'i Joo-Eun, izy mantsy rakotra panda.

Avy eo dia nampiononin'i Jesosy aho noho ny vesatry ny alaheloko nahita ny havako tany amin'ny helo: "***Ry Yoo-Kyung malalako, Vonton-dranomaso ianao raha nahita ny Bebenao tany amin'ny helo.***" Nampahatsiahy ahy ny Tompo hoe: "***Yoo-Kyung, Tokony tsy nanome tànana ianao ilay isika tany amin'ny helo iny, eny fa na ny an'ny Bebenao aza. Tsy mety ny handraisan-tànana olona any.***"


Nentin'i Jesosy tany amin'ny helo indray aho avy teo. Ny raiko efa maty sy ny zandriko lahy vao 26 taona no hitako tamin'io. Namono tena tamin'ny poizina izy. Samy miboridana izy roa. Nifanena ny masonay. "***Ranabavy tiako, Bong-Nyo, ahoana no nahatongavanao taty? Tsy natokana ho anao ny aty. Zoky a, mivavaha amin'ny Tompo. Mivoaha faingana ka angataho Aminy ny hivoahako ato. Ampio aho ho tonga any an-Danitra. Raha mbola niangavy mafy toy izany izy dia natsipy tao anaty vilanibe misy rano mangotraka***." Reko ny fandevileviny.

Hatry ny fony kely dia efa nanambany ahy ny raiko, nihanitombo hatrany izany fankahalany ahy izany. Hoy io raiko io: "***Ry Bong-Nyo, Fony mbola velona aho dia nanao zava-dratsy mahatsiravina maro izay anenenako mafy ankehitriny. Izany angamba no maha-aty ahy izao. Manenina amin'ny foko tokoa aho***." Ary nanontany an'i Jesosy aho hoe: "***Tompo ô! Nahoana ange no aty ny raiko?***" Toy izao no navaliny: "***Navesatra ny otan-drainao. Tsy nino Ahy izy. Ankoatr'izay dia niloka tsy nanapaka andro mihitsy. Raha bevohoka ny zandrinao ny reninao, iray volana sisa dia tokony ho niteraka zaza salama tamim-pomba ara-dalàna soa aman-tsara, saingy nomen-drainao totohondry teo amin'ny vavafony. Nijaly mafy ilay zaza tao an-kibo ka maty nony farany. Izy koa nanery anao handevim-belona zaza tany an-***

***tendrombohitra. Moa tsy efa fantatrao daholo ve izany? Rehefa nanao izany fahotan-dratsy izany izy dia tsy mba nibebaka na nangata-pamelàna. Aty amin'ny helo mihitsy no mendrika azy.***" Tezitra mafy ny feon'ny Tompo tamin'izany.

Ary nahita olom-pantatro hafa indray aho. Tsy iza io fa ny rafozambavin'ny zandrivavikeliko. Nanafatrafatra mafy ahy izy fa tiany indrindra ny vinantovaviny sy ny havany raha mino an'i Jesosy Kristy, mazoto mivavaka, ary mahafantatra ny helo rehefa miverina ety an-tany aho mba hahatongavan'izy ireo ho any an-Danitra. Hoy izy: "***Tsy nahalala ny fisian'ny helo aho, ny famaivainy sy ny fahoriana mafy aty. Nisy fotoana naha-Diakona ahy, nefa tsy nanao raharaha tao am-piangonana mihitsy aho. Maro ny zavatra nindraindraiko toy ny sampy teny an-tany ka izay no nahavoa ahy. Izany no mahatonga ahy ho aty. Tena manenina mafy aho***," hoy izy nikiakiaka. Avy eo koa izy natsipy tao anaty rano mangotraka. Natahotra sady nalahelo aho, tsy zakako intsony. Vonton-dranomaso ny tavako, nila tsy ho avy niaina aho vokatry ny fofon-javatra may. I Jesosy koa dia nijohy ranomasony. Nampianatra ahy zava-dehibe ny Tompo teo: "***Indray mandeha ihany no ahafahanao mifidy ny ho any an-Danitra, rehefa mbola velona.***" Tsy nisy azoko natao afa-tsy nijery azy ireo nijaly. Ny afo ety an-tany dia tsy azo mihitsy ampitahaina amin'ny afo any amin'ny helo.

**<u>Lee, Yoo-Kyung:</u>**



Rehefa avy nivavaka hatramin'ny 7ora sy sasany maraina dia nody aho mba hatory kely, nefa nahatsapa fanatrehana tao an-tranoko. Nahiratro ny masoko nefa tsy nahita na inona na inona. Rehefa nakipiko indray dia nipetraka teo anilako i Jesosy. Nameno ahy tampoka ny tahotra sady nihoditr'akoho ny tenako manontolo. Nivavaka mafy tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Tampoka teo, niova endrika ho devoly maintibe ilay noheveriko ho Jesosy, manga antitra ny masony. Nanandra-tànana izy sady niezaka nanao ny hataky ny Tompo. Ary nikiaka mafy izy hoe: "***Miasa avokoa ny devoly rehetra!***" Nangorohoro aho. Ary nandidy tamim-peo mahery aho hoe: "***Ry devoly, amin'ny anaran'i Jesosy, mialà amiko.***" Ary nanjavona niaraka tamin'izay ilay devoly.


## ==== ANDRO faha-10 ====

**<u>Kim, Joo-Eun:</u>**



Raha teo am-pivavahana mahery tamin'ny fiteny tsy fantatra aho dia indro dragona mena nipoitra teo alohako. Nitsambikina nankaty amiko ilay izy. Toy ny fijerin'ny voay hanaikitra ny masony, maranitra sady matevina ny vombony, ary nanambana ahy tamin'ilay vombony izy hampatahotra. Misy setroka mahatsiravina sy maharikoriko mivoaka ny orony. "***Satana, ry zava-manana aina ratsy tarehy, mialà amiko amin'ny anaran'i Jesosy.***" Hoy aho nikiaka mafy toy ny vehivavy romotra. Ary nifindra teo amin-dranadahy Haak-Sung ilay dragona. Gaga sady taitra i Haak-Sung. Nihamafy sy mahery ny vavaka nataon'i Haak-Sung tamin'ny fiteny tsy fantatra. Ary niantso mafy toy ny nataoko koa izy hoe: "***Ry satana, mialà amiko amin'ny anaran'i Jesosy.***" Tsitapitapitr'izay dia nanatona ahy indray ilay izy saingy niofo ho mainty. Sady nihomehy naneso izy no nanomboka niteny: "***Aza***

***mivavaka. Mora mihiratra ianareo rehefa mivavaka. Noho izany, sokafy ny masonao. Tsy azoko ny anakipianareo maso. Nahoana no akipinareo rehefa mivavaka? Sokafy ny masonao izao. Nahoana ianao no manao vavaka mafonja androany?***" Niezaka nanapaka ny fifantohako izy. Ary niantso mafy indray aho hoe: "***Ry satana ratsy, mialà amiko amin'ny anaran'i Jesosy.***" Tsy niala moramora nefa io dragona io. Tsy maintsy nohantitrateriko foana araka izany ny anaran'i Jesosy. Rehefa niantso mafy ny anaran'i Jesosy toy izany aho dia indro indray ilay dragona nitodika taty amiko amin'ilay masony ratsy mampatahotra, nikotro-nify izy sady nitsoaka.



Tao aoriana kelin'io dia nisy fanahy hafa indray nivandravandra ahy, sady nanomboka nanatona taty amiko. Fantatro izy io fa fanahy vavy fahita matetika amin'ny horonantsary mampatahotra koreana sy amin'ny fahitalavitra. Natahotra aho saingy raha mampiseho izany tahotro izany dia hatoky tena izy ka hanafika ahy. Niezaka tamin'ny heriko rehetra aho mba tsy haneho ny tahotro teo am-piadiana taminy tamin'ny alalan'ny vavaka. Ny tanjon'ity fanahy ity dia hahafatin'ny tahotra ny olona. Misy rà miraraka avy amin'ny vavany, mikorontana sy mifampisaringotra ny volony. Namoaka feo tena tsy masina izy, hehy mampivarahontsana. Ary hoy aho nikiaka tamin'ny heriko rehetra: "***Mialà amiko amin'ny anaran'i Jesosy***" dia nanjavona izy.

Nony avy teo dia niseho teo anatrehako i Jesosy. Tamin'io anefa toy ny nisy zavatra tsy azoazoko izany. Tsy tao tsara aho sady natahotra raha nahita an'i Jesosy. Tsaroako i Pasitera nilaza ny tokony hitandremako, fa ny devoly dia afa-miseho ho toy ny anjelin'ny mazava. Nambara tamiko tamin'izay fa raha tsy mahay manavaka ny fanahy aho dia tokony hivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra na hizaha toetra azy amin'ny fitanisàna Soratra Masina. Ary nandramako notsapaina tamin'ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra io "**Jesosy**" io. Vao nivavaka aho dia niova endrika sy niofo ho mainty ilay toa an'i Jesosy teo. Naka ny endrik'i Jesosy io devoly io raha nanatona ahy. Tsy niala teo anatrehako io devoly io fa nandehandeha ny masony mba hanala ny fifantohako tamin'ny vavaka.



**Sister Baek, Bong-Nyo:**

Raha nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho androany dia nanatona ahy i Jesosy Tompo. Hoy aho nitomany: "***Tompoko, Tompoko.***" Ary niteny nanao hoe i Jesosy: "***Aza mitomany. Haka anao ho any an-Danitra no niaviako. Andao.***" Hita ho feno fitiavana ny endriny raha nihazona ny tànako Izy. Isaky ny mankany an-Danitra aho dia talanjona foana noho ny misitery any izay tsy voafetra sady mandrakizay. Sondriana aoka izany aho noho ireo zava-tsoa hitako. Raha ny fahatsapako azy dia toy izao, mandrakizay ny fotoana ilainao raha te-hahita sy hiaina ny ao an-Danitra iray manontolo ianao. Nasain'i Jesosy nodinihiko tsara ny Trano Fiangonana tany an-Danitra. Vao tonga tany izahay dia nitanatana vava aho raha nahita trano goavam-be mankadiry. "***Wow!***" hoy aho nihoraka mafy sady tsy nahavita na inona na inona. **Ngeza ilay izy an**! Angamba mahatakatra ny Lanitry ny lanitra.


Rehefa nivezivezy tao an-Danitra tao izahay dia hoy i Jesosy tamiko: "***Ry Bong-Nyo, 'ndeha isika ho eny amin'ny faratampon'ny Lanitra.***" Rehefa tonga teo dia nahatazana faritra maro

aho. Nahita anjely maro, sy zaridaina midadasika be misy voninkazo maro samihafa. Tsy tambo isaina ny karazam-boninkazo hitako tany. Izaho koa nahita ranomasim-be tsy hita fetra nangirana toy ny kristaly. Sambo tsara tarehy maro no nitsingevana teny aminy.

Nony niverina tety an-tany aho, na dia vao avy namangy ny Lanitra aza, dia nahatsiaro indray ny anadahiko sy ny ray aman-dreniko tany amin'ny helo. Nitomany nandritry ny ora maro aho, tsy hitako izay natao. Teo dia nisy anjely 15 niseho tamiko. "***Naniraka anay ho ety an-tany ny Tompo hampiononana an'i Sister Baek, Bong-Nyo. Izay no ahatongavanay***." Nanodidina ahy izy ireo sady nanomboka nitory Teny fampaherezana sy fampiononana tamiko. Ary nanomboka nitsahatra aho ka tsy nitomany intsony.

Rehefa nitohy nivavaka aho nony avy eo dia hitako nisokatra ny Lanitra, ary indro Andriamanitra Ray nipetraka teo amin'ny Seza Fiandrianany Masina. Niteny tamiko ny tokony tsy hitomaniako intsony Izy. Ary nanatona ahy ny Fanahy Masina sady nibitsibitsika hoe: "***Ianao sy Sister Kang, Hyun-Ja dia hahazo fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana sy afon'ny Fanahy Masina. Fa tsy maintsy mitady Azy mafy anefa ianao.***" Nitsangana teo anilan-dRainy i Jesosy sady nanao hoe: "***Ry Bong-Nyo, rehefa manomboka ho reraka sy vizana amin'ny vavaka ianao dia hohosorako ny herin'ny Fanahy Masina.***"

Nony kelikely, nanomboka nasiaka i Jesosy. Nolazainy fa FOANA SADY POAKATY NY FANOMPOAN'NY FIANGONANA SY NY MPITANDRINA AZY. Manaraka fombafomba sy asan'olona fotsiny izy. Maro amin'ny fotoana no fohy sady tsy misy ventin-kafatra. Lasa diso fohy ny fotoan-kivavahana sy iderana. Ny hahatamperan'ny fotoana no tena imasoan'izy ireo. Hafohezina araka izany ny Toriteny. Naneho ny alahelony i Jesosy. Amin'ny ankapobeny dia ora iray eo ho eo monja ny fotoana. Ny ankamaroany aza moa dia latsaky ny adin'ny iray



mihitsy. Maika hahavita fotsiny izy ireo. Te-hiditra lalina amin'ilay Toriteny i Jesosy, saingy ny Pasitera mitory amin'ny nofo fa tsy amin'ny Fanahy. Fitantanana fotoana kokoa no manahirana azy raha tokony ho ny fitoriana am-panahy. Satria fohy ny fotoam-piderana dia ampiasain'ireo mpitandrina hanaovana ny fiainany manokana ny fotoana malalaka hafa, iaraha-misakafo, itsangantsanganana miaraka amin'ny mpiangona, anaovan-javatra tsy misy dikany. Ny mpitandrina sasany moa dia voasarik'ireo anabavy tsara tarehy, ka ny hatsaran'izy ireo kokoa no mameno ny fony. Ankoatr'izay dia tsy mitovy ny fomba fitondran'ireo mpitandrina ny mpiangona tsirairay avy. Omem-potoana sy hajaina kokoa ny mpanan-karena miohatra amin'ireo tsy manam-bola. Ireny karazam-pitandrina ireny dia tsy mandany fotoan-kivavahana ho voninahitr'Andriamanitra. Tsy misy fotony ny antony ivavahany ka mahatezitra mafy ny Tompo. Tsy eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina ny hafatra fa ara-nofo vokatry ny fahalalan'ny Mpitandrina. Rehefa tsy avy amin'ny Fanahy ny hafatra dia tonga foana tsy misy ventiny no sady fohy. Tsy ny fitarihan'ny Fanahy Masina no arahin'ny mpitory fa ny sitrapon'ny mpino. I Jesosy dia te-hanome hosotra mahery sy te-hampiasa ireo mpitandrina ho voninahitr'Andriamanitra. Nefa izy ireo, noho ny sitrapony, dia tsy mitady intsony ny hosotry ny Tompo. Ny eritreriny ara-nofo no mibaiko ny fanahiny. Maro ny mpitory tsy mahatsapa ny fon'Andriamanitra sy ny faniriaNY. Malahelo mafy Andriamanitra. Ny antony anorenana na anitarana ny trano fiangonana ho an'ny Pasitera

sasany dia mba ho voninahiny sy ho reharehany. Ao am-pony dia tsangam-bato ho azy ireo manokana ny trano fiangonana. Fotoana kely fotsiny no mba ivavahan'ny Mpitandrina toy izany, fa sahiran-dava amin'ny zavatra eto amin'izao tontolo izao izy ireo.

Hitako ory mafy ny endriky ny Tompo raha nilaza izany rehetra izany. Mirehareha fatratra ny mpitandrina sasany ny amin'ny trano fiangonany izay tsara, kinanjo poakaty no fijerin'ny any an-Danitra izany. Lasa lavitra ny fijerin'ny any an-Danitra miohatra amin'ny ety, izay heverina ho zava-dehibe ety dia tsinontsinona akory any. Hoy i Jesosy: "***Tsy ny mpitandrina rehetra akory no ratsy; saingy tsy maintsy ahitsy kosa ireo tsy mpankato. Raha tsy mibebaka izy ireo dia hariako any amin'ny helo. Hampijaliana izy ireo any. Tsy ho ela dia hoentiko any ianao hanatri-maso izay manjo ireo lasa talohan'izy ireo.***"

Ora maro taty aoriana tamin'io andro io ihany, nangata-panazavana tamin'ny Tompo aho fa nisy zavatra tsy azoko. Nisy mpino, efa kristiana amam-polo taonany niresaka tamiko fa rehefa maty ny olona dia mankany an-Danitra na mankany amin'ny helo. Lazain'izy ireo fa tsy misy afaka mankany an-Danitra na any amin'ny helo raha mbola velona. Tsy mitombona izany hoy izy ireo. Misy olana, hoy izy ireo ny foto-pianarana sy ny foto-pinoana ao aminay. Manesoeso ny fivavahana ao aminay sy ny halavany izy ireo amin'izany. Lazainy fa mety ho sekta, hono, i Pasitera Kim sy ny fiangonanay. Toy izao no fivavako: "***Raha tena sekta tokoa ny fiangonanay ry Tompo, inona no hitranga amin'ny havako??***" Ary hoy ny Tompo: "***Inona izany sekta? Noho ny fahasamihafan'ny fampianarany sy ny anaram-piangonany dia mifanaratsy sy mifampitsara ny olona. Manota izy ireo amin'izany. Izaho anefa tena faly amin'ny fiangonanareo. Mivavaka tsy mitsahatra mandritry ny alina ianao sy ny mpiara-miangona aminao. Aoka ho fantatr'ireo mpanenjika sy mpanaraby anareo ho sekta fa Izaho no Tompo velona. Nandray ny hosotry ny fanasitranana ianareo sady maharoaka devoly. Ianareo koa miaina eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina.***" Hoy ihany i Jesosy nanohy: "***Ho mafy ny fitsarana hahazo izay mifanakiana sy mifampitsara. Aoka tsy hampihetsi-bolomaso anareo izany. Mihetsi-po lalina Aho amin'ny fivavakareo. Aza manahy. Hiaro anao sy ny fiangonanao aho.Tiako indrindra ny hiseho amin'ny oloko sy hanosotra fanomezam-pahasoavana azy ireo, nefa izy tsy mitady Ahy. Tsy mivavaka amiko araka ny sitrapoko ny ankamaroany.***" Hoy aho nanontany azy: "***Jesosy ô! Ahoana no hiafaran'ny fiangonanay?***" Hoy izy namaly: "***Sambatra ianao fa feno ny Fanahy Masina sady tsy ela dia nandray ny fahasoavan'ny fiteny tsy fantatra. Horaisina sy ho tsapan'ny mpiangona ny Afo Masina.***"

Mandritry ny fotoana lava ivavahanay dia mitory teny eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina i Pasitera Kim. Mety misy mihevitra fa leo izahay noho ny halavan'ny fotoana; kinanjo, ny fiderana sy hira ary toriteny mafonja, fanompoana mamaivay dia atao amim-pitiavana sy amim-pahavitrihana, feno hery izahay amin'izany ka afaka manohy mandra-maraina. Indray andro izay, nivoara-mena mihitsy ny tarehin-dRapasy noho izy nitory tamin-kery. Tamin'io toriteny feno fahefana nataony tamin'ny fo io dia nahita fahitana avy teo amin'ny Seza Fiandrianan'Andriamanitra feno voninahitra aho. Nandraraka menaka feno hosotra ny Ray. Toa nanosotra afo an'i Pasitera koa ny Fanahy Masina. Hitako ny Ray nanohy nandraraka afo sy menaka feno hosotra tamin'i Pasitera. Nihafeno fahefana sy nihanahafinaritra hatrany ilay toriteny. Ary indro i Jesosy Tompo nihomehy sady faly. Nasain'ny Tompo noraketina tsara izay nitranga tamin'io andro io. Nisaotra koa ilay anjely ka nankato.

Nanontany an'i Jesosy momba ny Fiangonana maneran-tany iray izay aho, izay manan-drantsa-mangaika maro, tonga hatraty Korea. Misy milaza fa ny fombany sy ny tantarany no mahamaro azy ireo. "***Mpino toa anay koa va izy ireo?***" hoy aho nanontany an'i Jesosy. Hoy i Jesosy namaly: "***Raha mino Ahy izy ireo dia ho voavonjy, mazava ho azy. Fa io Fiangonana iray io manova ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fampifangaroany azy amin'ny fisainan'izao tontolo izao.***"

Raha mbola niresaka momba io Fiangonana io izahay, dia hitako tamin'ny fahitana ny mpanjakan'ny devoly. Feno fanahiana ilay devoly ratsy, tezitra, sady toa tsy natoky tena ny amin'ny drafitra nataony ho an'io Fiangonana io. Hoy Jesosy tamiko: "***Maro amin'ny olon'Andriamanitra no tsy mahalala akory ny devoly sy ny fanahy ratsy. Miaina amim-pahatokisana ny oloko nefa tsy misaintsaina ny amin'ny fahavalo. Kanjo ny devoly efa miezaka manakana ny asanareo. Nefa maheraza foana.***"



Nony kelikely, raha nivavaka teo akaikin'i Pasitera aho dia indro dragona mena mankadiry. Niditra avy teo amin'ny varavarana anoloana ilay biby. Toa manakatra ny lanitra ny haavony. Fahatezerana feno no miseho amin'ny endriny. Nanetsiketsika ny orony io dragona io sady niteny hoe: "***Manandrana hiditra ao amin'ny vatanao aho, sahy ianao manohitra ahy an! Izaho no mpanjakan'ny helo! Manaiky ahy avokoa ny any amin'ny helo noho ny tahotra. Mihevitra anao ho iza moa ianao? Tsinontsinona ianao. Tsy manan-jo hanambara ny momba ahy ianao. Aha. Fantatro amin'izay ianao izao. Nisy mpanompoko nanambara tamiko ny momba anao. Naniraka io mpanompoko io aho hamitaka olona maro ka hitondra azy ireo any amin'ny helo. Nefa tsy nahomby izy. Raha nanontaniako izy ny antony nampandamoka azy dia nanao hoe: ry mpanjaka, aleo ianao mihitsy no mijery any dia ho hitanao fa sarotra be. Nihevitra aho fa ho mora ny hampamono tena olona. Kanjo, mahery vaika loatra ny vavaky ny kristiana. 'Inona tsara?' hoy aho nitrerona io mpanompoko io. Nohamariniko tokoa izay nambarany. Tena marina, mila tsy ho vita ny miady amin'ireny vavaka ireny.***" Na nampitahotra sy nitrerona anay aza ilay dragona, tsy naninona izahay satria narovan'i Jesosy. Nihoraka mafy teny feno faniratsirana ilay dragona sady nanao hoe: "***Vita ny amiko.***" Toy izao no navalin'i Jesosy ilay biby: "***Mihevitra anao ho aiza kay ianao? Mahalalà fomba sady aza mahery setra. Raha mikasika olona iray ato amin'ny "Lord's church" ianao dia hosaziana mafy sy hofaizin'ny Raiko mafy.***" Kivy ilay biby ka nanjavona niaraka tamin'izay. Ary hoy i Jesosy: "***Iny dragona iny dia nanandrana namitaka anareo ho mpanjakan' ny fanahy ratsy. Izay iny biby ratsy iny vao niseho. Ny mpanompony foana hatrizay no nirahiny tety an-tany. Mazotoa mivavaka ary aza mitsahatra. Mitandrema hatrany, aza manahy, satria Andriamanitra telo izay iray hiaro anareo mandrakariva.***"


**<u>Pasitera Kim, Yong-Doo:</u>**

Talata ny andro tamin'izay, namirifiry ny tany ivelany tany ka -15°C ny hatsiaky ny rivotra. Na toy izany aza ny toetr'andro dia nisy mpiangona efatra tato aminay nivoaka tany hitory. Talohan'izany anefa dia nanoman-tena fatratra tamin'ny alalan'ny vavaka sy ny herin'ny Fanahy Masina izy ireo. Ny Tompo koa nanosotra azy tamin'ny Herin'ny Afo Masina. Mba

hahombiazana sy hahavita tsara izay hatao dia niady hevitra momba izay lalao ho enti-mitory izy ireo. Fantany tsara fa lehibe ny valim-pitiany noho izy tsy nahalala sasatra nanao ny asan'ny Tompo. Efa alina be izy ireo vao tonga sady feno hafaliana aoka izany. "***Pasitera a! Tena mahafinaritra sy tsara kay ilay mitory,***" hoy izy ireo.

# ==== ANDRO faha-11 ====

**Kim, Joo-Eun:**



Raha teo am-pivavahana mafy aho dia indro hazavana manjelatra be. Nitsangana teo alohan'io hazavana io i Jesosy. "***Ry Joo-Eun, tiako ianao. Mivavaha tsy mitsahatra, mahereza mivavaka, mivavaha amin'ny fonao manontolo. Aza mijanona mihitsy.***" Nandre hafanana aho, ary nanomboka hitako tsara ny endrik'i Jesosy. Fantatro teo ny antony nitenenan'i Jesosy ahy hanandra-tànana ambonimbony kokoa. Rehefa manao izany mantsy aho dia miha-hitako tsara ny endriny. Hoy aho taminy: "***Wow, hitako mazava kokoa ny endrikao ry Tompo. Jesosy a! Misaotra betsaka, tena tiako.***" Ravoravo aho ka nitsaha-nivavaka kely mba hankafy. Nefa indro, tampoka teo, nisy fanahy ratsy. Mbola mainty noho ny aizina ilay izy. Noroahiko tamin'ny anaran'i Jesosy ka nanohy nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra ihany aho.

**Lee, Yoo-Kyung:**

Raha mbola nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho dia indro fanahy ratsy lava volomaso niseho tampoka. Nitomany izy io sady niangavy ahy hihaino izay holazainy. "***Mamirifiry be ny andro. Mangatsiaka aho. Sao mba misy azonao atao hanafana ahy? Azafady indrindra!***" Hoy aho namely azy: "***Ry devoly ratsy sady maloto, amin'ny anaran'i Jesosy, mialà amiko.***"

**Sister Baek, Bong-Nyo:**

Nentin'i Jesosy tany an-Danitra aho androany. Tsy misy afaka hamariparitra amin'ny fitenin'olona ny zava-misy any an-Danitra. Nanoloana ny Seza Fiandrianan'ny Ray izahay. Lehibe dia lehibe ny voninahitra sy fanapahan'ny Ray, tsy afa-nitraka aho fa niondrika hatrany teo anoloany. Tsy hay lazaina ny hatsaran'ny Ray. Manoatra lavitra noho izay azo heverina ny fanapahany. Nanandrana hitraka aho hanopy maso ny Ray, nefa tsy namela ahy hahita azy ny fanjopiaky ny hazavana. Fahazavana Andriamanitra Ray. Tsy misy olona hahavoavinany na hahazo an-tsaina ny voninahiny. Ny halehiben'ny Ray dia toa mahafeno ny faritra avo sy ny atilalin'ny Lanitra. Ny fijery ny Seza Fiandrianany dia toa mahafeno ny Lanitra iray manontolo hatrany amin'ny faritra andrefana indrindra ka hatrany atsinana indrindra. Toa misy rahona mitambolombolona eo ambonin'ny Seza Fiandrianany.



Misy hazavana mamiratra noho ny masoandro mitaratra aty ambany. Toy ny voam-pasika iray no fahatsapako ny tenako nanoloana an'Andriamanitra.

Rehefa niala tany an-Danitra aho nony kelikely dia anjely no nitondra ahy tety an-tany. Teny an-dàlana anefa dia nisy fanahy ratsy nanenjika anay. Ratsy tarehy sady nampatahotra aoka izany izy ireo. Tena haingana ny fanidin'ilay anjely nitondra ahy saingy mafy be ihany koa ny hafainganam-pandehan'ireo devoly. Dragona ny iray, bibilava kosa ny iray hafa, mitovy amin'ny lohan-tsahona ilay fahatelo, ilay farany kosa dia toy ny lohan'olona. Nihomehy izy ireo teo am-panenjehana anay. Hoy aho tamin'ilay anjely: "***Mbola afaka mandeha mafy kokoa ve isika?***" Nioharan'ilay fanahy ratsy sahady izahay sady nosakanany ny làlana miditra ao am-piangonana. Ny sasany kosa tao aoriananay sady niomana hanafika. Ary niantso mafy ilay anjely hoe: "***Tompo ô! Avia izao.***" Vao niteny izany ilay anjely dia indro i Jesosy teo alohanay. Tamin'ny feo mahery, feno fahefana, noroahiny ireo devoly: "***Sahy ianao manafika ireo zanako. Lasa mandeha izao dia izao!***" Iray segondra taorian'izay dia tsy hita ilay devoly.

## ==== ANDRO 12 ====

**<u>Sister Baek, Bong-Nyo:</u>**



Nivavaka tamin'ny fiteni-danitra aho. Nony nivavaka antsasakadiny dia indro anjely dimy nanidina nankeo amiko. Nozahako toetra izy ireo hahafantarako raha tena anjely fa tsy fanahy ratsy. Nanohy nivavaka tamin'ny fitenin-danitra aho. Hitako fa feno tsikitsikim-pitiavana ny tarehin'izy ireo. Nampahafantariny ahy fa namana izy raha mbola nanohy tamim-pahavitrihana ny vavaka tamin'ny fitenin-danitra aho. Nihevitra aho fa ny fivavahako tamin'ny fitenin-danitra tamin'ny zotom-po no hanamafy fa anjely namana marina ireo. Kinanjo, fotoana kely taorian'izay dia niofo ho mainty ilay akanjo fotsy, nanjavona teo koa ilay elatra kanto. Nihilangilana sy niolankolana ny fandehany. Nivavaka tamim-pahazotoana hatrany tamin'ny fitenin-danitra aho, ary nanomboka lavo tamin'ny tany izy ireo. Tena marina fa ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny tsy fantatra dia mahery sady lehibe. Avy eo izy ireo niova ho biby ratsy efa fahitako tamin'ny sarimihetsika. Zava-boahary faran'izay ratsy endrika izy ireo, tena maharikoriko. Noroahiko tsirairay tamin'ny anaran'i Jesosy Kristy izy rehetra ka lasa nandositra. Raha mbola nandroaka ireo fanahy ratsy aho dia tonga i Jesosy ka nanao hoe: "***Bong-Nyo, Izaho no Tomponao, matokia Ahy!***" Nefa nampiahiahy ny feony, hafahafa ny fihetsiny. Hatramin'izay i Jesosy rehefa manatona ahy dia tsotra, tsy be teny, mitondra fiadanana; fa teto aho nangorohoro sy natahotra, reko nitsangam-bolo mihitsy aho. Ary niantso mafy tamim-pahatokisana aho hoe: "***Amin'ny anaran'i Jesosy, mialà amiko***". Ary niova ho toy ny biby mampatahotra izy, nanafika ahy nefa nandositra rehefa voaroadroaka matetika.



Ary nisy fanahy hafa indray izay tena nahasarika tokoa. Hoy aho anakam-po: "***Hay misy vehivavy tsara tarehy be toy izao?***" Tsara lavitra mihoatra ny vehivavy rehetra eto an-tany io fanahy ratsy io. Antonony tsara ny hangezany

sady tena bikàna izy, manao fitafy mihaja ambony sy ambany. Nandeha toy ny mpilatro izy ka nanatona ahy moramora. Niondrika hiarahaba izy sady nanao hoe: "***Hafiriana ianao izay no tato amin'ny Lord Church?***" Tsy noraharahaiko izy fa ny fivavako tamin'ny fitenin-danitra ihany no notohizako. Nandohalika teo anilako izy, fa na dia kanto sy meva toy izany aza izy dia nihoron-koditra aho. Avy teo dia nisasaka roa ny tarehiny ka tonga toy ny nofy ratsy, ary hoy ilay fanahy ratsy nihoraka mafy: "***Tohizo ihany ny vavaka fa tsy ho moramora satria tsy hiala aho.***" Tsy nety niala ilay fanahy. Injany ny feon'ny Tompo nanao hoe: "***Bong-Nyo, tohizo, aza mitsaha-mivavaka, mivavaha amin'ny zotom-po. Izaho no handroaka sy hisakana ny fanahy ratsy.***" Tsitapitapitr'izay dia nanidina ilay fanahy ratsy sady niova ho vehivavy tsara tarehy indray. Tamin'io indray izy nanao akanjo mariazy tsara tarehy ka meva aoka izany. Niverina teo amiko izy nipi-maso amin'ilay masony baribary. Ary ny Tompo nibitsibitsika tao an-tsofiko hoe: "***Tohizo ny vavaka dia jereo ny fiovan-kendrik'io vehivavy tsara tarehy io ho fanahy faran'izay ratsy endrika.***" Nanohy nivavaka tamim-pahasahiana aho araka ny baikon'ny Tompo. Tsy ela dia nivadika ho fanahy ratsy tarehy be tokoa ilay izy, rehefa noroahina dia nandositra.

Nony kelikely, nanehoan'i Jesosy toerana iray tany amin'ny helo aho izay antsoina hoe: "**faritra mena**". Nahita tendrombohitra mankadiry rakotra olona aho. Feno kongom-potsy madinika ny tenan'ny olona, mifatotra ny tànany. Izy ireo anefa amin'izany tsy miezaka manala ireo bibikely. Ireo bibikely ireo dia miditra any anatin'ny hodiny any, ny lavak'orony, ny ati-vavany sy ny sofiny. Satria lanin'ny bibikely izy dia tonga tsy mahate-hijery, avy eo dia tonga karana. Henjana aoka izany ny hirifiriny. Hoy aho: "***Tompoko, nahoana ireo olona ireo no ampahoriana mafy toy izao?***" Hoy Jesosy tamiko: "***Ny vehivavy eto amin'ity toerana ity dia ireo nivarotra ny tenany. Ny lehilahy kosa dia ireo nijangajanga taminy.***" Namaivay tokoa ny afo, ory loatra aho ka te-handeha.

**Kim, Joo-Eun:**

Maro dia maro ny fanafihan'ireo fanahy ratsy, devoly ary dragona androany. Nefa noho ny herin'i Jesosy dia samy nandositra avy izy rehetra. Ary indro avy tany vondron-devoly tsy nanam-batana, mitovitovy endrika amin'ny maso avokoa izy ireo. Hoy izy ireo mihorakoraka: "***Aza mivavaka! Hopotehinay ianao.***" Izany hatrany no averimberin'izy ireo. Natahotra aho ka niantso mafy hoe: "***Amin'ny anaran'i Jesosy, mialà amiko.***" Nefa izy ireo mbola teo ihany sady nanomboka nanao feo hafahafa. Niverina ny Tompo ary nanao hoe: "***Ry Joo-Eun, Aza mijery na mihaino afa-tsy Izaho.***" Notampenany ny sofiko sady hoy izy: "***Ry Joe-Eun, Afaka miresaka amiko ianao izao.***" Noho ny fanatrehany dia nikorontana ireo fanahy ratsy.

# ==== Andro faha-13 ====

**Kim, Joo-Eun:**

Henjana ny fanafihan'ny fanahy ratsy androany. Raha teo am-pivavahana aho dia nentina tany amin'ny toerana maizina iray izay fantatro fa ny helo. Voamariko tany fa nisy fanahy ratsy maro be nanodidina zava-manan'aina goavam-be iray. Tezitra sady nampitahotra io zava-manan'aina goavana io. Sady nihorakoraka izy no nivezivezy eran'ny trano, sahirana sy rera-tsaina. Toa io zava-manan'aina io no lehiben'ireo fanahy ratsy rehetra izay tsy tambo isaina. Niandry baiko avy taminy ireo fanahy ratsy rehetra. Rehefa azon'izy ireo ny toro-marika dia nanidina izy ireo

ka nankao amin'ny trano fiangonanay. Tsy ampy 1 segondra akory no nanaovan'izy ireo izany. Notafihin'izy ireo ny mpiangona rehetra, eny hatramin'i Meena, ilay ankizivavikely 5 taona. Fa rehefa hentitra izy nikiaka tamin'ny fitenim-bavaka hoe: "***Babaya,***" dia nianjera ilay devoly teo anilany. Notafihina miaraka izahay rehetra izay nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra. Nidaraboka tsirairay ireo fanahy ratsy. Ary nisy devoly iray niantso mafy hoe: "***E, ianareo rehetra ireo: I Pasitera Kim tafihina. Rehefa lavo ny mpitarika dia ho mora foana no handavo ny hafa rehetra. Ilay vendrana ireto, inona no andrasana? Tafiho amin'ny herinareo rehetra i Pasitera Kim.***"

Teo noho eo dia fanahy marobe no indro nanafika an'i Pasitera Kim. Saingy nahavariana fa lavo nianjera ny ankamaroan'ireo fanahy ratsy. Resy izy ireo sady naradratra. Ary natahotra izy ireo noho izany tranga tampoka izany. Niezaka nanafika indray izy ireo saingy niparitaka fa resy. Nitohy ihany ny fanafihana fa tsy nisy fiovàna. Tsy nisy tamin'izy ireo nahakasika an'i Pasitera. Rehefa hitan'ireo fanahy ratsy fa tsy nisy vokany ny fanafihany dia natahotra izy ka niala niala ho azy. Nanidintsidina teny amin'ny manodidina azy fotsiny izy ireo fa tsy sahy nanatona azy. Nijery an'i Pasitera aho fa tsy fantany akory izany zava-nitranga izany. **Nandohalika izy, nanadra-tanana sady nivavaka tamin-kery tamin'ny fiteny tsy fantatra**. Rehefa niselontselona teo anilany ireo fanahy ratsy dia niova ho toy ny feom-baratra ny fivavany. Amin'izany ireo fanahy ratsy dia midona mafy amin'ny rindrina ka potipotika. Ary mikiakiaka mafy noho ny hirifiry izy rehetra. Rehefa nahita ireo fanahy ratsy nitsoaka aho dia nihomehy fatratra fa nahatsapa ny tenako ho mpandresy. Avy teo dia nihoraka tamim-pahatezerana ny devoly hoe: "***Ry Pasitera Kim, aza mivavaka.Mihevitra ve ianao fa havelanay amin'izao? Iozonako mihitsy fa hovonoiko ianao***." Ary nikotro-nify izy sady niteny tamin'ireo devoly hoe: "***Vendrana. Ianareo rehetra ireo ve, tamin'ny herinareo manontolo dia tsy maharesy Pasitera iray? Ndehana haingana manafika!***" Ary hoy ny devoly niantso mafy: "***Mamparary andoha ny mieritreritra an'io pasitera io. Ho lasa adala mihitsy aho raha izao no mitohy. Aleo izy ho eo fa aoka ny ondriny no hotafihina.'Ndao.***" Ary nanomboka nanafika ny mpino indray ireo fanahy ratsy. Tsy nampiasa ny heriny manontolo nefa izy ireo tamin'izany. Fanahy vitsivitsy isan'olona monja no nanafika fa tsy tamin'ny tanjany manontolo. Niparitaka nanerana ny trano izy ireo ka nanafika ny mpino rehetra. Maro karazana izy ireo sady tamin'ny endriny sy bikany samihafa. Sarotra ny hamariparitra azy rehetra. Na toa inona nefa hamafin'ny fanafihany dia tsy nahomby mihitsy izy rehetra. Ny vavaky ny mpiangona tamin'ny fiteny tsy fantatra dia nanome hery sy tanjaka nanosehana ireo fanahy. Manafika izy ireo saingy lavo hatrany. Ary nihoraka mafy ny mpanjakany hoe: "***Efa nijanona nivavaka avokoa ny mpiangon'ny Lord's Church, nahoana ianao no mbola manohy? Ry fanahy ratsy, Inona ity ataonareo? Tsy misy afa-manajanona azy ireo mihitsy ve?***" Sasatra avokoa ireo fanahy ratsy rehetra. Tsy olana na firy na firy izy ireo fa ny fahasahian'ny mpino tamin'ny vavaka dia nandresy azy rehetra.



Tamin'io alina io ihany dia nisy fanahy ratsy nanafika ahy. Hoy izy: "***Ajanony amin'izay ny vavaka. Hopotehiko ianao sady hoelingeleniko tsy ho afa-mivavaka. Hataoko taizan'aretina ianao. Ha ha ha ha.***" Hoy izy nihomehy maneso. Nefa resy io fanahy

ratsy io, noho ny fampiasàna ny anaran'i Jesosy.

Nony kelikely nefa, raha mbola nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho dia nentina tany amin'ny helo. Tamin'ny toerana iray nisian-devoly vitsivitsy nanindrona vata mahitsizoro tamin-defon-dava maranitra. Sady miteny ratsy izy no manao hoe: "***Pasitera ianao hoy ianao? Nanao ahoana nefa ny fitondran-tenanao? Faly tsy misy toy izany aho fa tonga aty ianao izao.***" Notsindronin'izy ireo mafy ihany ilay vata sady nanozona izy. Kiaka mafy dia mafy vokatry ny hirifiry no nivoaka avy tao amin'ilay vata, sady nisy rà nikoriana. Voamariko fa feno faroratra ny fanambonin'ilay vata sady misy sary hazo fijaliana ngezabe. Natandahatra milamina tsara izy ireo. Tsy hitako ny farany. Hay vata-paty izy ireo. Tsy mamindra fo mihitsy ireo devoly mampiditra ireo lefo-maraniny ao. Ary nanontany ny Tompo aho hoe: "***Nahoana no aty ny vatampatin'ireo Pasitera taloha?***" Namaly i Jesosy hoe: "***Tsy nitory ny Filazantsarako ireo Pasitera ireo. Filazantsara hafa no notoriany. Izay nanaraka azy koa dia tratra. Izao no vokatry ny nataony, toerana aty amin'ny helo.***" Hoy ihany i Jesosy: "***Ho henjana kokoa ny fitsaràna ireo Pasitera ratsy fanahy.***"



Tamin'ny faritra hafa tao amin'ny helo aho dia nahita olona nijaly mafy. Ao anaty lapoaly ngezabe mahamay izy ireo, mikiaka mafy hoe: "***May. Ahh, Vonjeo!***" Midorehitra menabe ilay lapoaly. Rehefa mahakasika azy ireo ny menaka dia miraraka avokoa ny nofony ka taolana sisa tavela. Miezaka hitsambikimbikina hivoaka izy ireo. Mitsiry indray ny nofony, avy eo dia miverimberina toy izany hatrany hatrany. Nanontaniako an'i Jesosy izay nataon' izy ireo. Toy izao no navaliny: "***Fony izy ireo teny amin'izao tontolo izao dia nampirafy ny vadiny. Niafina izy ireo tamin'izany. Ampijaliana izy ireo izao noho ny fahotany.***"

Nony kelikely dia natoron'i Jesosy faritra hafa indray aho, izay nisy tevana mankadiribe sady feno olona. Maro dia maro ny levon'ny afo. Toa manana aina koa no fijery ilay afo mena miredareda. Mihazakazaka mafy ny olona ao anatin'io afo io, mikiakiaka noho ny famaivainy. Hoy i Jesosy nanazava: "***Ireo dia izay nino fivavahana diso sy nandà ny Filazantsara.***"

## ==== ANDRO FAHA-14 ====

**Kim, Joo-Eun:**

Tafiditra làlina tao anaty vavaka aho, nony kelikely dia indro devoly niova endrika ho vehivavy tsara tarehy. Nisy rà niraraka avy teo am-bavany."***Aza mivavaka. Horesiko ianao.***" Fa hoy aho namaly: "***Ry fanahy ratsy tsy manjary, amin'ny anaran'i Jesosy, mialà amiko,***" dia lasa izy.

Ary nisy dragona mena tezitra mafy nanatona ahy. Nisy fanahy ratsy maro koa nanomboka niseho. Nihaniditra làlina tamin'ny vavaka ihany aho, nefa vao maika nahatsapa fanatreham-panahy ratsy izay nihanatanjaka. Nahagaga nefa fa tamin'io ihany koa dia reko ny fanahiko niha-nanatona ny Lanitra. Niezaka nampitahotra ahy ireo fanahy ratsy ireo hanakanana ahy tsy

hiditra ny Lanitra. Noho izany, nivavaka tamim-pahamatorana tamin'ny fiteny tsy fantatra aho sady nanakipy maso. Niezahiko noroahina izy rehetra fa ilay dragona mena kosa nanohitra. Tsy maintsy notohizako hatrany ny fandroahana mandra-pialany nony farany.

Tonga i Jesosy, talanjona noho ny amiko, mbola tanora kely nefa maharoaka fanahy ratsy. Nantsoiny tamin'ny anarako sy anaram-bositro aho: "***Joo-Eun, Freckles, nitombo be mihitsy ny finoanao, Tohizo ny fivavahana làlina amin'ny maso mikipy.***"

Nifantoka tamin'ny vavaka aho nefa tonga feno aizina tampoka ny tontoloko, ary nisy rivotra malefaka mangatsiatsiaka nanomboka nitsoka. Nahita varavarana nisokatra aho avy teny lavitra teny. Tampoka teo, nisy hazavana be nipoitra. Efa saika nanokatra ny masoko aho no indro nihanatanjaka ilay hazavàna, ka tsy afa-nihiratra aho. Nanomboka raiki-tahotra aho nefa nipoitra i Jesosy. Toy izao no fanazavàny: "***Joo-Eun, Raha mbola nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra ianao dia nihananatona ny Lanitra ny fanahinao niaraka tamin'Anjely. Kanjo nisy fanahy ratsy nampitahotra anao mba hihiratanao. Fa niditra antsehitra aho ka nandidy ireo fanahy ratsy ireo hiala. Izaho no tsy mamela anao hihiratra. Joo-Eun, mbola mila mivavaka lalindalina kokoa ianao. Mbola tsy hankany an-Danitra ianao androany raha ny hevitro.***" Ary kivy indrindra aho. Ary nampahery ahy tamin'ny teny feno fampiononana i Jesosy: "***Joo-Eun, aza manahy. Efa nanome toky aho fa hitondra anao any an-Danitra ka haneho anao ny zava-misy any.***"

**<u>Lee, Haak-Sung:</u>**



Namangy ahy i Jesosy ka nanomboka nanoro ahy ny helo. Tany dia tonga tamin'ny toerana iray aho izay nisy fanahy ratsy goavana be nipetraka tambony seza. Ny fipetrany sy ny fomba fihetsiny dia maneho fa izy no mpanjaka ao amin'io toerana io. Nisy varavarana mankadiry teo amin'ny gorodona nanoloana io zava-manan'aina io. Olona maro no nitsangana teo ambonin' ilay varavarana fandrika. Rehefa manitsaka mafy ilay io devoly io dia misokatra ilay varavarana ka milatsaka any amin'ny ranom-bôlkano any ambany avokoa ireo olona. Rehefa latsaka any ny olona dia main'ny ranom-bolkano mangotraka ka mikiakiaka noho ny hirifiry. Nanontaniako an'i Jesosy ny amin'ireo olona ireo ka hoy izy namaly: "***Ireo dia mpimasy, mpamonjy mpimasy, mpamosavy, mpanao ody, sy izay namono tena.***" Vao niresaka famonoan-tena ny Tompo dia tsikaritro ny dadatoako izay namono tena tamin'ny fihinanam-panafody marobe. Nakisaka teo amin'ilay gorodona afa-mivoha toy ny varavarana izy ka nampitsanganina teo. Ary nanainga ny tongony ilay zava-manan'aina hanitsaka hivohan'ilay varavarana. Ary niangavy famindram-po tamin'ny Tompo aho: "***Tompo ô! Azafady, ho latsaka ao ny dadatoako. Mba vonjeo izy raha mety! Tompo a! Tsara fanahy tamiko foana io dadatoako io. Dadatoa a! Avia ho eto akaikiko haingana.***" Nefa niteny tamin'ny endrika malahelo ny Tompo hoe: "***Ry Haak-Sung, Tara loatra. Tsy misy azo atao intsony.***" Ary

nanitsaka ilay zavatra ka ny dadatoako sy ireo olon-kafa rehetra dia samy nilatsaka tao an-dava-bôlkano. Samy nikiaka mafy avokoa izy rehetra.

Ao amin'io toerana io koa ireo tsy nahalala an'Andriamanitra: bodista mpihiboka ny ankamaroany, ao koa nefa ireo kristiana nihemotra, sy ireo niangona noho ny antony hafa fa tsy nankatò an'i Jesosy.

Tamin'ny toeran-kafa tany amin'ny helo dia toy izao no nolazain'i Jesosy: "***Jereo tsara ry Haak-Sung.***" Maro ny olona hodidinim-bibilava kely sy lehibe. Mifanitsa-kitro izy ireo. Ny bibilava ngeza mihodinkodina amin'ny lohany fa ny kely kosa mihodinkodina amin'ny vatany. Amin'izany ireo kely mikapoka sy manaikitra foana. Ary mikiakiaka noho ny fanaintainana ny olona. Ary hoy aho tamin'ny Tompo: "***Tompoko, inona no fahotana nataon'ireto?***" Hoy i Jesosy namaly: "***Tsy tena nino marina Ahy izy ireo. Tsy nino Ahy tamin'ny fony marina. Na nilaza ho nino Ahy aza izy, tsy tena matotra tamin'ny asa nataony. Be rendrarendra izy. Izany fitiavan-drendrarendrany izany dia nisy fiantraikany tamin'ny fankanesany any am-piangonana. Tsy tena nateraka indray izy. Maty tampoka ny ankamaroany ka tsy tena afa-nibebaka. Ry Haak-Sung, na ianao koa aza manana toetra somary varimbariana izay indraindray. Fa ny fandehananao amin'ny làlana maha-kristiana kosa aloha mbola ao tsara.***"

Tamin'ny toeran-kafa tao amin'ny helo indray dia nisy vehivavy nitomany mafy dia mafy: "***Tsy rariny izao! Tsy mendrika hosaziana mafy toa izao kosa aho. Feno fahoriana ny fiainako teny an-tany. Tsy tantiko intsony. Izay no nampamono tena ahy. Nefa vao maika henjana ny fijaliana aty miohatra amin'ny eny an-tany. Nahoana aho no nalefanao aty amin'ny helo? Tsy rariny. Tsy mbola nandre ny fisiany sy ny mahazava-doza loatra ny helo aho. Tena tsy rariny ny maha-aty ahy.***" Averimberiny hatrany hatrany izany. Nihomehy ny iray amin'ireo fanahy ratsy namely azy hoe: "***Nofitahiko tanteraka ianao mba hamono tena. Tsy fantatrao ny marina. Nankany am-piangonana ianao nefa tsy nandre mihitsy ny amin'ny Lanitra na helo. Natahotra ihany aho aloha tamin'ny zavatra mety ho fantatrao tany am-piangonana. Na niangona foana aza ianao dia mbola namono tena ihany. Rariny mihitsy, noho izany, ianao raha aty. Nobadoiko sy nofitahiko ianao. Azoko izao ny fanahinao. Lesona maro no hampianariko anao mandritry ny mandrakizay.***" Ary nanomboka nodarohiny tsy nananany antra ilay vehivavy. Tsy nisy valiny ny antsoantsony niangavy famindram-po.



Naverin'i Jesosy tao am-piangonana aho ka nanohy nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra. Hoy Izy: "***Ry Haak-Sung, ny vavakao mandritry ny alina mandra-maraina dia mahomby sy mahery kokoa miohatra amin'ny vavakao mandritry ny andro. Noho izany, mivavaka im-betsaka kokoa amin'ny alina miohatra amin'ny andro.***"

Nampijereny Azy akaiky kokoa aho. Hitako Izy nanao satro-boninahitra feno tsilo, hitako koa ny lavaka teo amin'ny tànany sy ny tongony. Misy rà mikoriana avokoa amin'ireo ratra ireo. Nanohy nibebaka sy nitomany aho raha nahita ny Tompo nijaly.

Rehefa tapitra nivavaka aho dia nentin'ny Tompo tany an-Danitra ka nofafany ny ranomasoko. Nahita ny ranomasim-be tao an-Danitra aho izay nangirana toy ny kristaly.

**Lee, Yoo-Kyung:**


Isaky ny manomboka mivavaka aho dia tonga foana ry fanahy ratsy hanelingelina. Fa androany kosa, ny Tompo no nihaona tamiko. Tsy niseho fotsiny Izy fa nitondra ahy tany an-Danitra mihitsy. Hoy i Jesosy: "***Sambatsambatra ianao androany, sa tsy izany?***" "***Eny Tompoko, hoy aho, tena sambatra aho, mba tsy nahita fanahy ratsy indray aloha androany.***"

Tany an-Danitra dia nentin'ny Tompo tamin'ny toerana faran'izay ambony aho ka natorony ny tany. Kely dia kely ny tany rehefa jerena avy eny lavitra be eny. Nojereko tsara ny tany mihodinkodina. Hoy aho tamin'ny Tompo: "***Jesosy ô! Te-honina aty an-danitra aho.Tsy te-hiverina any an-tany intsony aho.***" Nefa hoy i Jesosy: "***Mbola tsy fotoanao izao. Tsy maintsy mbola manompo ahy aloha ianao sady mazoto manao ny asako. Amin'ny fotoana voatendry dia ho aty ianao.***" Mamy ny fotoana niarahanay sy ny Tompo tany am-paradisa. Nifananihany izahay ka samy nihomehy aoka izany. Nahafinaritra ny fiarahanay tany, nankafiziko ery. Nony ela dia niverina tao am-piangonana izahay sy ny Tompo.

**Sister Baek, Bong-Nyo:**

Nivavaka toy izao aho: "***Tompoko, toa tsy notanterahinao ny fampanantenanao hitahiana anay ara-bola? Namitaka Ianao. Jereo ange izahay e. Mivavaka ao anatin'ny hatsiaka mamirifiry fa tsy mahavidy fitaovana mpanome hafanàna. Mangovitra foana izahay rehefa mivavaka sady tsy maintsy mifampikasokasoka tànana mba hafàna. Tsy azoko mihitsy ny antony tsy itahianao anay. Tsy manan-kohanina afa-tsy vary sy kimchee (sakafo koreana) izahay... Tsy manam-bola ry Pasitera mianakavy, izahay mianakavy koa. Tena miady mafy izahay... Rehefa mivavaka mandritry ny alina manontolo izahay, tonga mivonto sy mihinjitra ny hozatra noho ny fipetrakay tsy miova mihitsy. Manakotsako noho ny havizanana ny taolanay. Malemilemy ny vatanay fa tsy ampy sakafo. Nahoana izahay no avelanao amin'izao? Tompo ô! Tena tsy zakako intsony.***" Tsy nieritreritra akory aho aloha vao nimonomonona sy nitaraina. Nefa ny Tompo nihaino tsara tamim-pitiavana izay rehetra nolazaiko. Nanam-paharetana tanteraka ny Tompo tamiko. Nanomboka nanao teny feno fampaherezana Izy: "***Tsy maninona fa afa-mitaraina ianao. Tsy misy olana.***"


Ary nanomboka naneho ahy ny helo Izy. "***Andao. Jereo,***" hoy Jesosy tamiko. Ary nahita biby mankadiribe aho, sahala amin'ny tendrombohitra. Mitovy endrika amin'ny "**alligator**" (**karazam-boay**) na dragona izy io. Teo akaikin'ny reniko io. Ny lelany no isamborany izay lasibany, avy eo tsakoiny ka ateliny ilay olona. Nitomany aoka izany aho. "***Ry Bong-Nyo, Rehefa mitomany ianao dia tsapako ny ratram-ponao. Rehefa malahelo ny fonao dia malahelo koa ny Ahy. Rehefa ory ianao, mba ory koa Aho. Raha mbola velona ny reninao dia ho nisy azoko natao; saingy efa tara loatra. Raha te-ho tezitra sy hitaraina ianao, tsy maninona. Eto foana Aho hihaino anao. Fantatro fa***



***miferotr'aina ianao. Tiako raha avoakanao avokoa izy rehetra."***

Nony kelikely dia hitako tany amin'ny helo ny rain'ny Pasiteranay. Nisy zava-boahary ratsy izay efa nivonona hanipy azy tao anaty vilanibe maizin-kitroka nisy ranomandevy lo io. Nanontaniako ny Tompo ny nahatonga azy ho any. Hoy i Jesosy: "***Nanota be izy sady nampijaly ny vadiny. Tia nisotro izy. Ny toaka no sampiny. Nisy fiantraikany ratsy tamin'ny asany ny fisotroany be loatra. Tsy noraharahainy ireo zanany izay niaina tamin'ny fiainan-tsarotra. Vokatr'izany, ampijaliana sy misotro amin'io ranon-javatra lo io mandrakizay izy.***" Ary nanomboka niantso mafy ilay rangahy: "***Zava-doza mahatsiravina maro no nataoko. Enga anie mba handray an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy azy ny vadiko, amin'izay mankany an-Danitra. Fony teny an-tany aho dia niloka sy nigoka isan'andro. Tsy nikarakara mihitsy ny ankohonako. Na izay zavatra ilain'izy ireo andavan'andro aza tsy mba noraisiko an-tànana. Niasa mandritry ny tontolo andro ny vadiko hamelomana ny zanakay. Izaho no tompon'andraikitra tamin'ny fahasarotam-piainany. Mioty ny vokatry ny fahotako aho izao. Mendrika ahy mihitsy ny voaozona. Rehefa miverina ianao dia ilazao iny faralahiko iny hanohy hatrany ny fandehanana miangona. Ilazao izy hino sy hatoky ny Tompo***." Nampita hafatra koa izy ho an'ireo zanany, mba tsy ho zava-poana, hono, ny fankanesan'izy ireo any am-piangonana. Izy ireo tokony hanamasina ny andro Alahady, hibebaka marina, ary hatoky amin'ny fanarahan-dia ny Tompo amin'ny maha-kristiana.

Hoy ihany izy nanohy: "***Aty amin'ny helo aho, ampahoriana mafy. Helo no fiafaràna, fampijaliana tsy misy farany, tsy ananam-panantenana. Azafady mitoria amin'ny mpiray tampo aminao sy ny havanao hahafahan'izy ireo ho any an-Danitra."***



Nanohy ny fitsidihana ny helo ihany izahay sy ny Tompo. Tonga tamin-toerana iray izahay izay nahitako olona maro tsy tambo isaina mivangongo tonga hatrany amin'ny lanitry ny helo. Avy amin'ny foko samihafa izy ireo, ary samy mifantsika amin'ny hazo fijaliana avokoa, homboina toy ilay natao an'i Jesosy. Nanontany an'i Jesosy aho izay fahotana nataon'ireo ka sady tezitra Izy no nanao hoe: "***Nazoto niangona ireo. Nentiny foana tamin'izany ny Baiboliny. Saingy foana ny fanompoany sy ny fiderany satria mpisandoka izy, mpihatsaravelatsihy. Mpisotro sy mpifoka izy rehefa any ivelan'ny Fiangonana. Tsy nanamasina ny andro Sabata izy. Rehefa avy nivavaka dia niala voly toy ny nihanika tendrombohitra, sns…no nataony. Ny sasany amin'izy ireo mpampanjana-bola. Mampindram-bola dia atao ambony be ny zanany. Tonga mpanefoefo izy noho izany. Maro anefa ireo fianakaviana bankiropotra fa tsy mahaloa ny trosa be atataony aminy. Noho ny olana ara-bola dia mipatitaka ny ankohonana. Na nilaza ho mpino aza izy, ny asany sy ny fony dia ao amin'izao tontolo izao. Raha nandeha tamin'ny finoana tamin'ny fony sy ny heriny rehetra izy dia ho niditra ny Lanitra. Tsy afa-nateraka indray izy ireo noho ny tsy finoany. Tsy nateraka indray izy, na tamin'ny batisan'ny rano na tamin'ny an'ny Fanahy Masina. Fombafomba no narahiny raha tokony ho Andriamanitra. Ny asany eo amin'izao tontolo izao no nataony ambony mihoatra an'Andriamanitra. Tsy naneho ny finoana marina ny asany. Nanompo tamin'ny finoana matimaty izy.***" Tsitapitapitr'izay dia

tonga rakotra bibikely samihafa nandrotidrotika ny nofon'ireo olona nifantsika tamin'ny hazo fijaliana ireo; fijaliana miampy fijaliana. Nasiana "**ivy**" (**zava-maniry feno tsilo maranitra**) koa teo amin'ny vozony. Nolazain'ny Tompo fa haverimberina hatao toy izany mandrakizay izy ireo. Nazava sady hentitra ny fampitandreman'ny Tompo momba ireo mody mino.

Nangovitra mafin'ny tahotra aho. Niteny malefaka tamiko ny Tompo hoe: "***Ry Bong-Nyo, Matahotra ianao. Ampy izay aloha ny androany, andao amin'izay. Ry Bong-Nyo, Nahita ny fampijaliana ny havanao ianao. Tsy moramora izany. Nigogogogo fatratra ianao. Te-hampionona sy hampahery anao aho. Rehefa tonga any an-Danitra isika ka mankao am-piangonana dia aoka hivavaka sy hijery tsara ny fanompoana ianao.***" Mazava sy mamirapiratry ny voninahitra ny fiangonan'Andriamanitra any an-Danitra. Maharakotra ny lanitry ny Lanitra ny hazavana.Tena kanto, miaraka amin'ireo anjely sy olo-masina be dia be.

## ==== Andro faha-15 ====



**<u>Kim, Joo-Eun:</u>**

Raha mbola nivavaka tamim-pahavitrihana aho dia nahita fahitàna: Olona nijery fahitalavitra tao an-tranony.Teo am-pijerena izy dia indro fanahy mahatsiravina nivoaka avy tao amin'ilay fahitalavitra ka niditra tao amin'ny vatany. Tsy fantany akory ny voka-dratsy ara-panahy ny nijereny io fahitalavitra io. Ary nifindra tany amin'ny cyber indray ilay fahitàna. Cyber feno olona miserfa sy milalao jeu andro aman'alina. Feno "gamers" ilay toerana. Nisy lehilahy iray nifantoka tanteraka tamin'ilay "jeu" nataony. Efa elabe mihitsy no nilalaovany teo satria mena midorehitra ny masony. Tampoka teo, nisy fanahy ratsy miendrika taolana nivoaka avy tamin'ny "écran'ilay solotsaina ka niditra tao aminy. Rehefa izany dia tonga andevon'ilay "Jeu" izy ka tsy nijanona intsony. Taorian'io dia nanomboka nitandrina aho ny amin'izay jereko amin'ny televiziona sy ataoko amin'ny "internet".




Avy teo aho nahatsikaritra fanahy ratsy iray miendrika antsasa-bolana. Hoy izy somary sorena: "***Ho ao amin'io cyber io aho.***" Hitako tamin'ny fahitàna fa nankao tokoa izy. Nankeo amin-dehilahy iray mpilalao tsy azo laizina izy ka nanao hoe: "***Satria ianao andevozin'ny filalaovana 'Jeu' dia hidirako.***" Ary niditra tao amin'ny vatany izy. Maro amin'ireo fanahy mpanandevo no mamandrika ny olona ao amin'ny "cybercafé". Ny olo-masina sasany aza lavo. "Ordinateur" no andaniany fotoana bebe kokoa miohatra amin'ny fivavahana. Nafana fo tamin'ny fanompoana tany am-piangonana izy ireo nefa lasa nandevozin'ny "internet" sy ny "télé na TV" hany ka lasa nisy fiantraikany tamin'ny fivavahany sy fandehanany miangona izany. Ny fanahy ratsy no tompon' Andraikitra amin'ny fampidiran-kizo ny olona. Jamba izy, tsy tsapany akory fa fanahy ratsy no mampanao azy izany. Nahita



koa aho fanahy ratsy maro niditra tao amin’ny olona lasibatry ny fijerena “télé na TV”.

Tamin’io alina io ihany, raha mbola nanohy nivavaka aho dia nisy fanahy ratsy marobe niverimberina nanafika ahy. Nisy iray teo anoloako naka endrika liona. Tena nampatahotra aoka izany ka nanomboka nangovitra aho. Hoy izy: “***Hoentiko any amin’ny fonjan’ny helo ianao.***" Hoy aho niteny mafy: “***Inona tsara? Ry fanahy ratsy tsy manjary, amin’ny anaran’i Jesosy Krsity, miala.***" Ary lasa izy.

Tsy nisy hiainana mihitsy fa nisy hafa indray. Ary hoy aho anakam-po: “***Nahoana no maro fanahy ratsy niseho androany?***" Hafahafa ny fandehan’io fanahy ratsy io, toy ny an’i ganagana ka tsy tànako ny fihomehezako. Ary nihoraka mafy tamim-pahatezerana ilay fanahy hoe: "***Nahoana aho no esoinao? Aza mihomehy.***" Taorian’ny fandroahana mahery vaika dia niala izy.

Avy teo nisy fanahy ratsy naka endri-behivavy mitafy ankanjo fotsy. Nanana vangy mifaingoka toy ny an’ny “**Dracula**”, misy rà miraraka mivoaka amin’ny vavany. Niezaka nanelingelina ahy tamin’ny vavaka izy, niantso an’i Jesosy aho hanampy ahy, ary niala izy sady sorena be ny endriny.

**Lee, Haak-Sung:**

Androany, maro ny fanahy ratsy nanafika ahy. Ny voalohany toy ny sahona (bullfrog), tsy mahafinaritra ny endriny. Voaroako tamin’ny anaran’i Jesosy io. Ny faharoa kosa miendrik’olona mahatsiravina, kila forehitra ny ilany manontolo. Niantso an’i Jesosy aho dia nitranga Izy. Vao nanatona ahy i Jesosy dia nitsoaka ilay fanahy ratsy. Voamariko fa nandeha rà be nivoaka tamin’i Jesosy Tompo. Tsy niteny Izy fa ny ràny no nijininikabe teo anoloako. Tsy ho azoko an-tsaina ny haben’ny rà very tamin’ny Tompo. Mivoaka avy amin’ny faritra rehetra amin’ny lohany ny rà, toy ny tsy ho tapitra mihitsy. Nalahelo mafy dia mafy aho. Natsotran’ny Tompo taty amiko ny tànany hanehoany ny hatotànany. Hitako ilay goaka nidiran’ny fantsika sy ivoahan’ireo rà Aminy. Hoy ny Tompo: “***Ry Haak-Sung, Nety ny nitorianao androany. Tena mety koa ny nanadiovanao ny trano fiangonana.***" Nirehareha noho ny ezaka nataoko Izy sady nanohy nandoka ahy ihany: “***Ry Haak-Sung-ko, rehefa nitory ianao dia nandray an-tànana sy nikarakara ireo vavy sy lahy madinika. Namirifiry aoka izany ny andro nefa tsy nahasakanana anao izany. Nahafinaritra. Tena faly aminao Aho.***" Ary nosafosafoiny aho.

Rehefa lasa i Jesosy dia fanahy 4 no indray nanafika ahy. Hoy ny iray: “***Aza mivavaka. Ajanony. Tsy mahazo mivavaka ianao.***" Nifindrafindra haingana be kosa ny iray hafa hampikorontana ny saiko tsy hifantohako. Niezaka nifantoka tamin’ny heriko rehetra nefa aho. Niantso mafy tamin’ny foko manontolo. Vokany, nitsoaka avokoa ireo fanahy ratsy ireo.

Nony kelikely, nentin’i Jesosy tany amin’ny helo aho. Nanehoana toerana iray aho izay misy olona marobe mikiakiaka sy mihorakoraka noho ny hirifiry tanaty vilany may mainty mankadiry. Teo ivelan’io vilanibe io nisy fanahy ratsy maro tsy tambo isaina nandehandeha sy nanidintsidina. Hoy Jesosy tamiko: “***Ry Haak-Sung, aza matahotra. Tsy afaka maninona anao ireo fanahy ireo raha mbola eto Aho hiaro anao. Fampahoriana amin’ny vilany mangotraka no anaran’io toerana io; natokana ho an’ireo mpigoka sy mpifoka.***" Vantany vao

tafiditra ao amin'ilay rano mangotraka ny olona dia miala ny nofony. Mahavariana fa misy afo ao anatin'ilay rano mandevy. Rehefa avy nanoro ahy izany ny Tompo dia namerina ahy tao ampiangonana indray.

**Lee, Yoo-Kyung:**

Fanahy ratsy maro no niezaka tsirairay nanakorontana sy nigafy ahy. Noroahiko avokoa izy rehetra. Nony kelikely dia indro i Jesosy nitafy lamba fotsy mamiratra. "***Yoo-Kyung, 'ndao ho any an-Danitra.***" Vao tonga tany an-danitra izahay dia noarahabain'ny anjely, ary nentin'i Jesosy tamin'ny efitra iray feno boky aho. Tiany hamaky sy handalina ireo boky maro aho izay misy lohahevitra maro samihafa. Volamena avokoa no nanaovana azy, sady nalamina tsara teo amin'ny fitoeram-boky.

***Fijoroam-bavolombelona enti-manamafy nataon'i Pasitera Michael Park, AMI Mission Church USA, (714) 537-3397, Email: amisbuso ([@]) sbcglobal.net***

***Amin'ny maha-Pasitera dia efa namaky boky maro mitantara ny ady ara-panahy aho. Ampiasaiko ireny hitoriana, hoenti-mampianatra, ary hampihariko amin'ny fiainako andavan'andro sy amin'ny iraka ataoko amin'ireo firenen-tsamihafa. Vao nandre voalohany ny amin'ny boky 'Natao Batisa Tamin'ny Afo Miredareda' aho dia nihevitra fa toy ireo boky rehetra efa hitako saingy hafa lohanteny fotsiny. Kanjo taorian'ny namakiako azy dia fantatro fa hay diso ny fiheverako hatramin'izay ny atao hoe "tolona ara-panahy" ary tena takona ny maso-panahiko. Novakiako avokoa ireo boky andiany dimin'i Pasitera Kim 'Natao Batisa Tamin'ny Afo Miredareda'. Maro ireo boky momba ny ady ara-panahy amidy amin'ny fivarotam-boky kristiana maneran-tany. Ny ankamaroan'ny mpanoratra azy ireny dia mionona fotsiny amin'ny tranga niainany rehefa mampianatra teoria ara-Baiboly. Tena mety ny mampianatra izay lazain'ny Baiboly hoenti-miady amin'ny fanahin-devoly sy ny hery maizin'ny ratsy. Na izany aza, hafa mihitsy ilay 'Natao Batisa amin'ny Afo Miredareda'. Miseho mivantana amin'io fiangonana kely io ny Tompo ka manokatra ny masom-panahin'ny mpiangona tsirairay avy. Rehefa misokatra ny masom-panahiny dia mahita an'i Jesosy sy ny devoly izy. Ampianarin'i Jesosy azy ireo ny fomba enti-miady sy manohitra ny devoly sy ireo fanahy ratsy miaraka aminy rehefa tena mahita azy. Mahafinaritra ny mahalala fa mora foana ny hiadiana amin'ny devoly rehefa misokatra ny masom-panahinao. Fanahin-devoly maro no misodisody eny rehetra eny manely aretina, eritreri-dratsy, fikorontanan'ny mpianakavy, fisamatsamahan'ny fiangonana, sy ny hafa maro. Ny famakiako azy dia nahatery ahy hitsidika ny Lord's Church tany Korea, izay azoko natao vao tsy ela izay. Nafàna ny fandraisan'i Pasitera Kim, Yong-Doo sy ireo ondriny ahy. Nanjavona toy ny tsy teo avokoa ny ahiahiko rehetra momba ny zava-boasoratra rehefa nitafa tamin'i Pasitera Kim sy ireo hafa namangy ary ireo tanora tany aho. Ny tena nahavariana ahy dia ilay fiangonana hipoka mpitolona am-bavaka nanomboka tamin'ny 9.30 alina ka hatramin'ny 5 maraina. Isan'alina, ary 365 andro isan-taona. Nanendry tena hitolona ara-panahy izy ireo. Isan'alina misy fiderana mahery vaika, dihy ara-panahy, toriteny, fahazoana hosotry ny afo, sy vavaka betsaka. Hitako i Pasitera Kim entin'ny Tompo any amin'ny helo isaky ny mangiran-dratsy. Tian'ny Tompo Jesosy hiaretany ny fijaliana amam-pahoriana any amin'ny helo satria izy tena tiany hitantara ny tena zava-marina ny amin'ny helo. Izy koa nentina tany an-Danitra im-betsaka. Malahelo ny Tompo fa tsy mino ny helo, na manamaivana ny fisiany ny mpiangonana ankehitriny. Ity boky maha-talanjona ity dia tsara indrindra raha vakian'ny Kristiana rehetra. Ny "Natao Batisa Tamin'ny Afo Miredareda" dia hanampy anao hahomby amin'ny ady ara-panahy sady hampaka tsirony anao mialoha ny amin'ny Lanitra. Ny fiangonana tandremako dia mikasa handika ireo boky rehetra ireo amin'ny fiteny anglisy. Izany dia mba ho tombony ho an'ny kristiana rehetra manerana izao tontolo izao sady hanampy azy ireo koa handika azy amin'ny fiteniny avy.***

**Nandika tamin'ny fiteny Malagasy: Hery Rasolofoarinivo** ***Hitohy amin'ny Boky #2...***